S.13

REPOBLIKA MALAGASY

FAHAFAHANA - TANINDRAZANA - FANDROSOANA

SEKRETARIA JENERALIN' NY ANDROM-PIRENENA

FANAOVANA PLANIN' NY FAMPANDROSOANA

★

*ALAROBIA 21 AVRIL 1971*

★

# FANAGASIANA NY TOE-KARENA

*Mpitarika* : Andriamatoa André RESAMPA

*Filoba-Lefitry ny Governemanta*

N° **117** – JNPD

3850
S.13

ALAROBIA 21 AVRILY 1971

UNIVERSITE DE MADAGASCAR * Ecole Nationale Supérieure Agronomique *

3850

S.13

## FANAGASIANA NY TOE-KARENA

### FANDAHARAM-POTOANA

1/-MPITARIKA :
- Atoa André RESAMPA, Filoha Lefitry ny Governemanta.

2/-MPANDAHA-TENY :
- Atoa Eugène ALLAIN, Président de l'USIEM ;
- Atoa Siméon RAJAONA, Doyen de la Faculté des Lettres et des Sciences Humaines ;
- Atoa Barthélémy JOHASY, Minisitry ny Ati-tany.

3/-VALANDRESAKA :

"L'AIDE EXTERIEURE DU POINT DE VUE DE LA C.E.E."

par M. DENIAU, Directeur du Groupe de l'Aide au Développement à la C.E.E.

UNION DES SYNDICATS
D'INTERET ECONOMIQUE
DE MADAGASCAR
Place Roland Garros
tél.238-41-B.P.1338
TANANARIVE

# V I N A V I N A

**Lahatenin'Andriamatoa Eugène ALLAIN, Prezidan'ny U.S.I.E.M.**

I - Teny mialoha : Endriky ny fandinihina nataon'ny UNION DES SYNDICATS D'INTERET ECONOMIQUE DE MADAGASCAR "U.S.I.E.M.", fikambanana malagasy tsy manao paolitika.

- Ny fotokeviny dia ny toekarena, ny zava-kinendriny : Fanorenana,
- Manomboka amin'ny ankapobeny, ka hatrany amin'ny andininy,
- Toerana ara-toekaren'i Madagasikara eo amin'izao tontolo izao, miaraka amin'ireo firenen-tsamihafa, sy ny ilana ny fifanakalozana.

Fanadihadiana ny fandehan'ny toekarena eto an-toerana : ny tokony hanitarana ny famokarana, fampandrosoana sy ny taozavatra eto Madagasikara hahazoan'ny Malagasy mandray anjara bebe kokoa amin'ny fampandrosoana ny toekarena, mba hampihena miandalana ny fanampiana raisintsika ankehitriny avy any ivelany.

- Azo tsapain-tanana ny vola ampiasain'ny vahiny eto amintsika mba hanamaintisa-molaly ny tany, satria matoky izy ireo fa tsara Mpitondra isika ka tsy atahorana ny fampiasana vola ho fanitarana ny toekarena,
- Endriky ny fanagasiana azo atao :
  - Eo amin'ny renivola miasa,
  - Eo amin'ny mpiasa tsotra sy ny mpifehy manam-pahaizana.

II - Fanagasiana ny renivola miasa :

- Ny mety ho toetrany sy ny fepetra ho raisina :

A.- Ny faritra tokony hisy azy :

a) Ny toetrany :-mampidi-bola amin'ny fotoana fohy : fanangahana indostria hanodina ny zavatra mety ho vita eto an-toerana; nefa nafarana hatrizay. Ny toeram-pambolena, ireo hotely fisakafoana sy fandriam-bahiny, ny varotra antsijarany, ets ...

-Asa ilàna renivolabe eo am-piandohana (fitrandrahana ny harena anyambanin'ny tany, ny toerampambolena sy ny taozavatra avy amin'ny fanodinam-bokatra),

-Asa fanitarana ny fambolena.

b) Fepetra ho raisina :

-Fanaovana fampielezan-kevitra lehibe amin'ny mponina amin'ny toerana tokony hisy azy sy fampahafantarana amin'ny fomba rehetra ny votoatin-kevitry ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsaina, ho an'ny mponina,

- Famporisihana ny olona hampiasa vola amin'ny sampana iankinan'ny toekarena ankoatry ny fananan-tany sy fanaovan-trano mihofa,



- Alatsaka tsara ao an-tsain'ny olona ny tena fampandrosoana ny toekarena : fampahafantarana azy koa ny fampiasana vola - fitanana bokim-barotra, fandaminana ny vidin'entana sy ny tokony hivarotana azy, ets ...
- Fampitomboana an'ireo toeram-pambolena tokony handefasana olona ho tonga tantsaha toy ny any SAMANGOKY, SOMALAC, SAKAY,
- Fepetra atao ho famporisihana ny olona mba hampiasa ny volany amin'ny fambolena sy fanodinam-bokatra hatao taozavatra.

B.- Faritra mamokatra :

Ny tokony ho endriny sy ny fepetra ho raisina mba hanagasiana azy :

- Fanakambanana na fampitambarana ny olona amin'ny toerana sasany,
- Fampiasana fomba hahazoan'izy ireo vola, hahamora ny fampiraisana toerana azy ireny, na haiditra amin'ireo Kompania na fikambanam-barotra vahiny,
- Fandraisan'ny Société Nationale d'Investissement anjara,
- Fividianana taratasim-bola amin'ny Bourse,
- Fanorenana "SICAV" : Sociétés d'Investissement à Capital Variable.

III - Fanagasiana ny mpitondra :

-Endriny : Fanamboarana hatrany ny fanagasiana, araka ny voalazan'ny tarehi-marika mivoaka isan-taona avy amin'ny Ministeran'ny Asa :

89% tamin'ny taona 1960 - 93% tamin'ny taona 1967

-Ny fitomboan'ny fanagasiana ny mpifehy dia vokatr'ireto :

- Ny fanokafana ary fandalinana ny fampianarana omen'ireo sekoly, na toerana famolavolana malagasy manokana momba izany,
- Ny fandrirana ny fampianarana araka izay ilan'ny toekarena azy,
- Ny fanafoanana ny tsy fahitan'asa amin'ny fanorenana fanaovan-taozavatra vaovao : fanaovan-taozavatra ilàna manafo ; fanorenana taozavatra avy amin'ny fanodinam-bokatra.

IV - Ny hatao hoe paolitika fanagasiana dia ilana finiavana sy fahatapahan-kevitra hentitra, fahazavan-tsaina lehibe ary herin-tsaina entina hampandrosoana ny firenena.

Ny mpampiasa ety ivelany nivory teo ambany fitarihan'ny U.S.I.E.M. dia manaraka ny fanagasiana hentitra, tantéraka, miankina amin'ny fahaizana ny asa sy ny fitanan-bola ary ny fahamendrehana sy ny fahaparinana. Izany hoe : Fanagasiana manondrotra antsika eo imason'ireo firenena hafa, ary manamafy ny lazan'i Madagasikara noho ny fahendreny, ny fahaizany mandanjalanja ary ny fitiavany fandriampahalemana.

---

avril 1971

[illegible] Fananana
Planin'ny Fampandrosoana

No 64 -JNPD/DIS

Plan détaillé

# NY FANAGASIANA NY TOE-KARENA

Drafitry ny lahatenin'Atoa Siméon RAJAONA, Doyen de la Faculté des Lettres et des Sciences Humaines - Université de Madagascar

- Alarobia 22 Avrily 1971 -

## FAMPIDIRAN-KEVITRA

(Ny hodinihintsika eto dia tsy ny antsipirian-javatra tekinika mikasika ny fanagasiana ny toe-karena loatra akory - tsy manam-pahaizana manokana momba izany ny tenako - fa ny votoatin-kevitra sasany azo anompanana izany fanagasiana izany).

Ny votoatin-kevitra : "Inona sy inona no tokony hatao mba ho saina sy rafi-kevitra malagasy mifanentana amin'ny faniriana sy ny hetahetan'ny Malagasy, ary mifanentana ihany koa amin'izay harena sy fananana eto amintsika no hoentina mamola-vola sy mampandroso ny toe-karena eto amintsika, ka amin'izany dia mba isika vahoaka malagasy no tena hahazo ny tombon-tsoa".

Izany akory anefa tsy milaza fa tsy ilaina ireo fomba sy fahaizana nombonan' ny firenen-drehetra eran-tany momba ny fitondrana sy ny fampandrosoana ny toe-karena. Ary tsy maintsy dinihina ny hoe : " Ahoana sy ahoana ny momba an'io eto amintsika Aiza avy ny lesoka, aiza avy ny madilana? " Nefa ambonin'ireo fahaizana ireo, ary angamba aza ny marimarina kokoa dia hoe, ho hery hamelona sy hahabe voho sy hahabe voa ireo fahaizana ireo, dia misy lalan-tsaina sy hevitra ary hery anaty mifototra amin'ny maha-Gasy antsika izay tsy maintsy anenantsika rehetra. Raha izany dia azo aompana amin'ireto hevitra telo loha ireto ny dinidinika:

- ny tena votoatin-javatra ho antsika Malagasy eo amin'ny zava-kendrena amin'ny fampandrosoana ny toe-karena,
- ny tena antoky ny fampandrosoana ny toe-karena,
- ny tena antoky ny fanagasiana ny toe-karena.

## I. - NY TENA VOTOATIN-JAVATRA HO ANTSIKA MALAGASY EO AMIN'NY ZAVA-KENDRENA AMIN'NY FAMPANDROSOANA NY TOE-KARENA.

Araka ny fahendrena Malagasy ary araka ny tokony ho izy ihany koa, dia ny olona no tena zavatra fa tsy ny harena tsy akory. Koa raha izany, ny tena tokony ho-kendrena eo amin'ny fampandrosoana ny toe-karena, dia angamba tsy ny hahatonga antsika hanan-karena bebe kokoa fotsiny ihany ka hahatratrarantsika ny endri-piainana mampiadana ara-batana efa tratran'ny Tandrefana, fa izay haha-olona antsika kokoa hatrany eo amin'ny maha-Gasy antsika. Mpanompo ny harena fa tsy tompo tompoina. Koa tsy maintsy dinihina izay hampanjakana izany hevitra izany hatrany : hampaninona antsika, ohatra, ny hanan-karena nefa ho verywezo maha-Gasy antsika sy ny maha-olona antsika ?

[illegible] tsy voatandrina koa izany dia ho tafiditra amin'ny kizo antsoin'ny teny baiko hoe :



"Société de consommation" isika, ka izay hampandroso ny toe-karena fotsiny no hatao na dia hamono ny maha-olona aza izany.

## II.- NY TENA ANTOKY NY FAMPANDROSOANA NY TOE-KARENA.

Ny ankamaroan'ny olona dia mino fa ny fampandrosoana ny toe-karena dia miankina indrindra amin'ny vola sy ny fahaizan'ny tompon'andraikitra eo amin'ny fitantanana ny toe-karena ; ary ampian'ny sasany hoe : miakina koa amin'ny planina sy ny didy ary ny lalàna manohana ny fampiasam-bola sy ny asan'ny tompon' andraikitra.

Ny tena marina anefa dia ny olona, ny toe-tsain'ny olona, ny finiavan'ny olona tsirairay avy hivoatra no tena antoky ny fandrosoan'ny toe-karena. Na eo aza ny vola, na mahay toy inona aza ny tompon'andraikitra, rehefa tsy ao ny finiavan'ny tsirairay avy hampandroso ny toe-karena dia tsy hisy fandrosoana firy. Koa tsy maintsy atao izay hampidirana ao amin'ny fanabeazana ny ankizy izany toe-tsaina te-hampandroso ny toe-karena izany , ary amin'izany angamba tsy maintsy asiana fanamboarana ny endriky ny fampianarana ankehitriny eto amintsika. Ahona avy izany ?

Anisan'ny misakana ny fandrosoana koa dia ny toe-tsaina nolovàna tamin'ny fanjanahan-tany : zatra tantanana, zatra maka tahaka ny vahiny, mihafihafy sy mihafahafa ka tsy mety tena tompon-kevitra amin'izay rehetra atao, fa miandry baiko lava. Tokony hodinihina izay hanafoanana izany toetra izany.

Ary na dia amin'ny toe-tsaina nolovana tamin'ny Razana aza angamba dia misy misakana ny fandrosoana, toy ny fifikirana tafahoatra amin'ny mahazatra ka misakana antsika tsy hanova ny eo am-pelatànana ary mamototra antsika tsy hisetra zava-baovao. Tokony hodinihina koa izay fanafodin'izany.

## III.- NY TENA ANTOKY NY FANAGASIANA NY TOE-KARENA.

Ny fanagasiana ny toe-karena mandrakariva dia aompan'ny olona amin'ny vola sy ny fitaovana sy fiasana samihafa an-daniny, ary ny olona tompon'andraikitra ankilany. Marina fa tsy maintsy atao izay hanagasiana ireo, ary amin'ny fomba mifanentana amin'ny tokony ho izy. Tokony hodinihina akaiky ny momba an'io.

Fa ny tena antoky ny fanagasiana ny toe-karena anefa dia ny fampiasana ny maha-gasy antsika : raha haka tahaka ka hianatra sy hanao izay efa mahavanana ireo firenena efa mandroso isika dia tsy ho lasa lavitra akory, fa ho eny afara eny ihany, ary tsy ho tafala rahoviana amin'ny fahantrana. Tsy maintsy izay zavatra tsy vitany na tsy ataony no tokony hifotorantsika, ka izay lalan-tsaina sy toe-javatra maha-gasy antsika no hampiasaina amin'izany. Zava-dehibe izany ka tsy maintsy fakafakaina lalina. Izany akory anefa tsy milaza fa tokony havela ny fitadiavana sy ny fitrandrahana ny harena toy ny solitany. Ohatra : raha trano sy vohitra fahita eran'izao tontolo izao no mameno ny nosintsika, dia tsy hisy mpizaha tany firy ho tonga aty amintsika ; fa raha haintsika ny manorina tanàna sy trano tsy fahita na aiza na aiza dia hampidi-bola be ny fizahan-tany eto amintsika. Misy ohatra maro ihany koa azo raisina momba izany.

**FIHIN-TENY.**

Koa raha izany dia miankina indrindra amin'ny fampianarany sy ny fanabeazan-tsaina ny fanagasiana sy ny fampandrosoana ny toe-karena eto amintsika ; ary tokony tsy hohadinoina fa rehefa mandeha ny fanagasiana ny toe-karena araka izany nohazavaintsika izany, dia azo antenaina fa handeha ny fampandrosoana azy. Noho izany :

1º - Tokony hamboarina ny fampianarana sy hatao izay fampielezankevitra hampihodi-doha ny ankizy ary ny malagasy rehetra amin'ny fampandrosoana ny toe-karena ;

2º- Tokony hatao izay hivoaran'ny toe-tsain'ny olona mba hialany amin'ny fomba sasany mahazatra na nolovàna tamin'ny fanjanahan-tany izany na nentim-paharazana izay misakana ny fampandrosoana ny toe-karena ;

3º - Tokony hatao izay hananan'ny Malagasy rehetra ny maha-malagasy azy ka hinoany sy hitiavany azy ka hianteherany aminy tanteraka mba ho hery anaty sy ny miaina mitondra azy eo amin'ny fampandrosoana ny toe-karena izany maha-malagasy azy izany.



Lahatenin'Andriamatoa JOHASY Barthélémy,
Ministry ny Ati-tany.

UNIVERSITE DE MADAGASCAR

FANAGASIANA NY TOE-KARENA

## Inona no atao hoe fanagasiana ny toe-karena ?

Tsy ny finiavana haka an-keriny ny haren'ny sasany, na ny vokatry ny hatsembohan'ny sasany, ho harem-pirenena (na dia mety hiseho ihany aza izany raha misy antony manokana), tsy dia izany loatra tsy akory no tiana ho lazaina eto.

Tsy ny fandraisan'ny Fanjakana ny fitantanana ny asa famokarana, raharaham-barotra, tao-javatra na raharaha hafa, tsy izany koa tsy akory no tiana hambara, raha araky ny hevitro.

Fa ny finiavana hamindra avy eo am-pelatanan'ny vahiny ho amin'ny olom-pirenena malagasy ny fanapahana eo amin'ny famerana ny tokony hatao, ny fitondrana sy ny fitantanana ny raharaha ekonomika samihafa, ka mba ho ny Malagasy tokoa no hahazo tombony indrindra amin'ny fananana, fampiasana ary fitsentsefana ny mamy avy amin'ny vokatra aman-karena misy na azo eto amin'ny tanindrazany, izany no tiana ho bangoina amin'ny hoe fanagasiana ny toe-karena.

## Nahoana no tokony ho gasiana ny toe-karena ?

Ny Malagasy no voatendrin'Andriamanitra ho tompon'i Madagasikara. Tahaky ny firenena samihafa eran-tany, dia mananjo tanteraka, feno dia feno, hanjaka eto amin'ny tanindrazana tolon-janahary ho azy ny Malagasy, ary dia mipetraka ho andraikitra sy adidy masina eo aminy ny tsy maintsy honina amim-piadanana sy fahendrena ato amin'ity Nosy ity, ka hanabe voho azy araky ny baiko masina raiketin'ny baiboly, ary araky ny satampiainana sy satam-pivoarana nofidiny malalaka handaminany ny fiainam-pireneny.

Tsy dia nilamina sy niadana hatrany araky ny tokony ho izy anefa ny fiainan'ny Malagasy teto anivon'ny riaka tanindrazany, fa ny tantaram-pireneny dia mirakitra fotoan-dava, ampolontaonany maro izay misarom-boaly mainty fisaonana raha nozanahin'ny sasany ny fireneny ka very zo aman-kasina teo amin'ny lafimpiainany manontolo.

Na dia efa nivalona folo-taona mahery kely aza izay iny parantezy mahonena iny, ka efa niverina indray ankehitriny ny fiandrianam-pirenena malagasy, dia tsorina fa mbola ny fahaleovan-tena politika ihany no efa azo mangarangarana, fa ny fahaleovan-tena ekonomika kosa dia mbola tsy azo tanteraka satria mbola mahery vaika sy matanjaka ny fatotra aman-takaitra nolovana tamin'ny fanjanahan-tany.

izao, dia tokony ho kendrena ny haneken'ny tompon'ireny vola ireny ny tsy maintsy hampiasana azy ireny eto Madagasikara ihany, ka hiarahan'ny Fanjakana sy ny tompon'izy ireny manapaka ny fomba sy asa hampiasana azy ireny.

Fomba anankiray isehoan'ny fanagasiana koa ny tokony hamerenana amin'ny Fanjakana avy hatrany sady tsy misy fepetra, izay tany be velarana, vitan'olona baorina nefa tsy voa-asa araky ny tokony ho izy, mba hatolon'ny Fanjakana ireo teratany malagasy tsy manana tany ampy hivelomany. Manampy an'izany ny tokony hanaovan'ny Fanjakana izay hahazoa-mamokatra amin' ireo tany tsy misy tompony sady tsy misy voly amin'izao fotoana izao, ka hanolotra ho an'ny vahoaka ihany koa ny velaran-tany vaovao zary azo asaina sy amokarana noho izany asa izany. Kanefa dia kendrena ho tsy maintsy manaiky ny fomba amam-panao mahomby homanina momba izany ireo izay manaiky handray ireo tany ireo.

Ahoana sy ahoana no fomba hanagasiana ny toe-karena ?

Ny fahaizana sy fahalalana no heveriko fa voalohany indrindra amin'ireo andry sy fototra iankinan'ny fahombiazana eo amin'ny asa. Koa noho izany, dia ny fampianarana no tsy maintsy kendrena hifanandrify tanteraka amin'izay ilain'ny firenena amin'izao tolona goavana ataony amin'ny tsy fahampiana izao. Na ny zavatra ianarana amin'ny ambaratongam-pianarana rehetra, na ny fomba fampianarana azy ireny dia tokony ho dinihina lalina avokoa ka tetehina hifanentana tsara amin'ny toetsaina, ny fomba amam-panao maha-malagasy ny malagasy ary ny zava-misy eto Madagasikara, indrindra fa ara-toe-karena.

Inoako fa ilaina ny tsy maintsy hitanana ihany ny teny frantsay ho"teny ampianarana", satria heveriko fa antoka lehibe hananan'ny fahaizana sy fahalalana malagasy maoderina ny lanja mendrika azy eo amin'ny fifandraisan'ny firenena malagasy amin'ny firenen-tsamihafa eran-tany izany. Kanefa na izany aza dia tsy maintsy imasoana ny hampitomboana be dia be ny fandalinam-pahaizana momba ny maha-malagasy ny Malagasy, dia ny momba ny fiteniny, ny tantaram-pireneny, ny jeografiany, ny literatiorany, ny ekonomiany. Afa-ts'izany, dia heveriko fa noho ny toerana misy an'i Madagasikara ara-jeografia, ka mahatonga azy ho voahodidin'olona miteny anglisy avokoa, dia ilaina ny tsy maintsy hahaizan'ny Malagasy rehetra teny anglisy malalaka tsara, mba hahamora ny fifandraisany amin'ireo mpifanolo-bodirindrina aminy. Mino aho fa raha sady miteny frantsay no miteny anglisy tsara ny Malagasy, dia hampitombo sy hanamafy orina ny anjaratoerany ao amin'ny firaisamben'ireo firenena miteny frantsay izany toe-javatra izany.

Tsy ekena, hoy isika, ny fakana an-keriny ny vokatry ny hatsembohan'ny sasany na ny fanaraisan'ny Fanjakana ny fitantanana mivantana ny raharaham-pamokarana, raharam-barotra, na raharaha hafa eo ampelatanan'ny olona na mety ho vitan'ny olona ivelan'ny Fanjakana. Kanefa na izany aza, dia ilaina ny



tsy maintsy hitanan'ny Fanjakana ka handaminany azy arak'izay heveriny hahamety azy ny harena sy asa aman-draharaha sasany manana ny maha-izy azy manokana eo amin'ny raharaham-pirenena. Any amin'ny herin-jiro sy rano, ny indostria fototra sy zavatra vitsivitsy ilain'ny firenena manokana no alehan'ny eritreritra indrindra amin'izany.

Ivelan'ireo raharaha izay mety ho didian'ny Fanjakana fa ho tanany ho azy noho ny tombon-tsoam-pirenena manokana, dia tokony halalaka tanteraka kosa ny hidiran'ny olona ivelan' ny Fanjakana amin'izay asa rehetra tiany hatao. Mahazo mirotsaka eo amin'ny asa famokarana samihafa koa anefa ny Fanjakana, raha hitany fa misy tsy mahafa-po ny lafin-javatra sasany, na noho ny tsy fahampian'ny vokatra azo, na noho ny vokatra sy ny fomba famokarana tsy mahafa-po.

Miverina kely amin'ny momba ny fanomezana asa ny teratany malagasy isika, mba hanizingizina fa ny asa eto Madagasikara dia tsy maintsy atokana ho an'ny Malagasy aloha, izay vao ny vahiny. Voalazan'ny lalam-panorenana mantsy ny momba ny zon'ny olom-pirenena malagasy tsy maintsy omena asa. Koa raha fahaizana mitovy, dia ny Malagasy no tsy maintsy omen-toerana alohan'ny olona hafa rehetra. Marihina fa betsaka amin'ireo tao-javatra sy tranom-barotra eto Madagasikara no an'olona efa monina hatry ny ela eto amintsika ary dia fantatra fa nanorimponena tanteraka eto amintsika. Satria tsy hiala eto Madagasikara na oviana oviana intsony ireny fianakaviana ireny, dia eken' ny saina ho rariny sady hitsiny ny hananan'ny zanak'izy ireny zo mitovy amin'ny Malagasy amin'ny toerana misy ao amin'ireny tao-javatra, na tranom-barotra ireny. Fa raha maka mpiasa ivelan'ny zaza naterak'izy ireny kosa izy, dia ny Malagasy no tsy maintsy loha-laharana amin'izay olona tokony homeny toerana.

Fa dia mbola averina ihany koa, fa ny famoronantsika malagasy "entreprises" tena malagasy, betsaka araky ny azo atao, no hany fanafody azo antoka hanasitranana ny aretina aterak' izao fahasahiranana tsy roa aman-tany mianjady amintsika izao noho ny fisasasasan'ny fitombon'ny isan'ny zaza Malagasy mitady asa amin'izao fotoana izao.

Adidy inona avy no ateraky ny tsy maintsy anagasiana ny toe-karena ?

Raha te-hahatanteraka ny fanagasiana arak'izay anirian-tsika azy isika Malagasy, dia tsy maintsy hahatsiaro-tena manokana mihitsy, ka hanaiky amim-pahavononana tanteraka ny ezaka, fahamarinana, finiavam-pahombiazana tsy maintsy hasehontsika, ombam-pahasahiana, fitokisana lalina ny tenantsika, ny ho avin'ny tanindrazantsika ary ny maha-rariny izao fitakiantsika ny fanagasiana ny toe-karentsika izao.

Tsy maintsy ovantsika arak'izany ny toe-tsaina ahalalana antsika Malagasy hatramin'izay ka hatramin'izao dia hinia isika hahay hanaja ny fepetra rehetra mifehy ny asa, ny fiaraha-miasa, ny fifanekena ara-barotra, ara-bola, ara-piainana ekonomika. Fa raha tanteratsika izany, izao fanagasiana ny toe-karena katsahintsika izao, dia tsy hiteraka baraka velively ho an'ny firenentsika araky ny atahoran'ny sasany azy, fa hampakatra kosa ny "vita gasy" ho eo amin'ny toeram-boninahitra antonona azy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ka hananantsika toe-karem-pirenena mendrika izao taon-jato iainantsika izao.

Barthélemy JOHASY
21 avril 1 9 7 1



SEKRETARIA JENERALIN'NY
ANDROM-PIRENENA FANAOVANA PLANIN'NY
FAMPANDROSOANA
=-=-=-=-=-=-=-=-

GAZETIN'NY ANDROM-PIRENENA

Alakamisy 22 Avrily 1971

*************

Rapaoron'ny Vaomiera rehetra mikasika
ny fehin-kevitra hoe :

"FANAGASIANA NY TOE-KARENA"

ANDROM-PIRENENA FANAOVANA
VIANIN'NY FANDROSOANA
----

ALAROBIA 21 AVRIL 1971 FANAGASIANA NY TOEKARENA
--

N°75-JNPD/TC

FANONTANIANA TARI-DALANA

- Toko 1 (Vaomiera 1, 2, 3, 4, 5)

1°- Voalaza fa tokony hamboarina ny fampianarana mba hitarika ny lohan'ny ankizy malagasy ho amin'ny fampandrosoana ny toe-karena. Inona, araka ny hevitrao, no tokony hamboarina ?

2°- Araka ny hevitrao, inona no antony tsy nampandroso ny fanaovan-taozavatra sy varotra malagasy ary inona no tokony hatao mba hampandroso ireny bebe kokoa ?

- Toko 2 (Vaomiera : 6, 7, 8, 9, 10)

1°- Voalaza fa " tokony hatao izay hananan'ny malagasy rehetra ny maha-malagasy azy ka hinoany sy hitiavany azy ka hianteherany aminy tanteraka, mba ho hery anaty sy vy miaina mitondra azy eo amin'ny fampandrosoana ny toe-karena izany maha-malagasy azy izany". Araka ny hevitrao, inona no tokony hatao mba hahatongavana amin'izany?

2°- Araka ny hevitrao, inona no mety kokoa ho an'ny toe-karena malagasy : Malagasy bebe kokoa miasa ho an'ny tenany ka tompon'andraikitra amin'izany sa Malagasy mpikarama ?

- Toko 3 (Vaomiera 11, 12, 13, 14, 15)

1°- Ilaina ve ny fanaovana drafitra mialoha ny fanagasiana ny toe-karena ? Ahoana no fomba hanatanterahina izany ?

2°- Araka ny hevitrao, mety ho endriky ny fanagasiana ve ny fiarahan'ny kapitaly malagasy misalahy amin'ny kapitaly vahiny ?

3°- Voalaza fa ilaina ny aha-malagasy ny kapitaly. Inona no tokony hatao mba hisian'ny kapitaly malagasy -

- ao amin'ny sampana (activités) mbola tsy misy mpisahana
- ao amin'ny sampana (activités) efa eo am-pelatanan'olona.



VAOMIERA VOALOHANY

I. BIRAO

Filoha : Andriamatoa JAKOBA Raphaël

Filoha lefitra : Atoa TAHILO RATSIMANOMPO

Mpampaka-teny : Atoa RAZANANIRINA Augustin sy
Atoa RAKOTOBE Rémi

II. Isan'ny Membres : 115

III. Mamoandray fitenenana : 55

IV. Mandeha am-pilaminana tanteraka ny ady hevitra.

FANAGASINA NY TOE-TSAINA

VAOMIERA N°1

FANOTANIANA N°1

I. Réforme de l'enseignement mba hifanentana ny toe-tsaina malagasy; fampianarana mifototra amin'ny Sosialisma.

2. Fanagasiana ny fampianarana.

3. Tokony hamboarina koa ny toe-tsaina ny Ray aman-dreny mba tsy hirona amin' ny fanjakam-birao.

4. Ambany loatra ny karaman'ny mpampianatra.

5. Tsy ampy ny isan'ny Mpampianatra.

6. Ilaina ny fisian'ny Université populaire - C.E.G. isaky ny Sous-Préfecture - Ny Sekoly Teknika.

7. Tokony hisy ny Cadres de l'enseignement SupérieuR.

8. Tokony hisy recyclage ho an'ny Cadres techniques.

9. Aoka tsy hiovaova ny Pédagogie ho fanarahana fotsiny ny any Frantsa.

10. Ny limute d'âge dia tokony ho ferana ho 16 taona.

11. Ny Diplaoma dia aoka ho malagasy.

12. Equilibre : Formation et emploi.

13. Ilaina ny formation professionnelle et des cadres sy alphabétisation fonctionnelle.

14. Tokony hampitombaina ny Budget de l'Enseignement

15. Censure des livres et films (fanabeazana ara-Morale

16. Mba hampihena ny vidim-boky dia tsy hasiana ny taxe d'importation.

17. Démocratisation de l'Enseignement

.../... ;

18. Fampianarana-économie politique hatrany amin' ny ambaratonga voalohany ka hatrany an-tampony.

19. Fanomezana mpampianatra ho an'ny Sekoly nataon' fokonolona.

20. Fanafoanana bny Coopérants techniques amin'ny ambaratonga voalohany.

21. Fampianarana mifanandrify amin'ny famokarana atao any amin'ny faritany tsirairay avy.

## II. FANOTANIANA FAHAROA

### Antony ara-toe-karena sy ara-bola

- Ny Ekonomia dia mbola mivelona amin'ny fiarotana fotsiny any ivelany ny vokatra ny sy haren'ny tany.
- Tsy ampy vola;
- Be loatra ny mpanelanelana;
- Ny vaventy no mahazo tombon-tsoa betsaka amin'ny Codes des Investissements;
- Tsy ampy fiarovana amin'ny fifaninana amin'ny avy any famokarana eto an-toerana;
- Ny OMADEX dia natao fotsiny ho;fitadiavana lalambarotra ho an'ny vaventy;
- Be loatra ny kojakojan-taratasy amin'ny fisamboram-bola amin'ny B.N.M.
- Be loatra ny hetra alaina amin'ny madinika;
- Tsy ampy ny tany hamokaran'ny madinika.

### FANOTANIANA FAHATOA (tohiny)

### Antony Sosialy :

- Tsy ampy fahalalàna sy fahaizana ny ankapony;
- Tsy ampy faharetana;
- Saika famonjena isa fotsiny no atao ka tsy ampy ny fikaliana.
- Misy tsy manaja fotoana.



### FANOTANIANA FAHAROA

### FANAFODINY

- Ny volan'ny Caisses de Compensation entina hananganana Banque populaire ;
- Fandraisana ny banky ho fananam-pirenena ;
- Tokony ho arovana ny famokarana eto an-oerana mba tsy ho fatin'ny entana afarana any ivelany ;
- Famporisihina amin'ny fampielezan-kevitra, boky kely ets... sy fanampiana ny mpanao tao-javatra madinika ;
- Fanafoanana ny fakana zana-bolaa ary famaizana mafy an'oreo izay manao izany ;
- Fanatsarana sy fanamaroana ny kaoperativa isan-karazany ;
- Havaozina ny Codes des Investissements mba tsy hanomezana tombon-tsoa hoa an'ny vaventy fotsiny ;
- Fananganana indostria fototra sy fanodinana eto an-toerana ihany ny vokatra sy ny haren'ny tany ;
- Fikambanan'ny "artisans" sy kaoperativa dia tokony ho afaka hanondrana mivantana any ivelany ny entany sy ny vokany ;
- Fandefsana ny mpianatra hanao an'ilay asa ianarany, mandritry ny taona, any amin'ny toerana misy ny asa hataony rahatrizay (formation pratique sur le tas) ;
- Fanorenana sekoly manokana momba ny Sendicats des Communes, Fermes, d'Etat sy kaoperativa ;
- Angatahina mba tsy hiova matetika ny boky fianarana ;
- Homena fanampiana (fiasana, vola ets) ny mpianatra mivoaka ny sekoly teknika ;
- Halefa hiofana hatrany amin'ny Tany Sosialista ny mpiana-draharaha ;
- Fanamaroana ny ateliers scolaires sy ny Collèges teknika, ka hampifanarahina amin'ny planina ;
- Tokony tsy hoasina karamanga ireo kely vao mivelona ; ka mitady hanangana tao-javatra madinika (artisanat) ;
- Fanomezana tany ara-pomba demokratika an(ireo tantsaha madinika./-

KOMISIONA FAHA-2

FANAGASIANA NY TOEKARENA

Prezida :
Prezida Lefitra :
Mpampaka-teny :
Isan'ny Mpivory :

## I - FAMAKAFAKANA NY ZAVATRA NISEHO

Raha atao arakeviny ny mpandray anjara maraina sy ny hariva dia miisa any amin'ny 120.

Ny mandray anjara fitenenana dia nisy 42 ny maraina sy ny hariva.

Tamin'ny fifaliana, izay endriky ny firahalahiana tanteraka no nandraisan'ny olona anjara tamin'ny famosahan-kevitra.

Samy nanaiky ny hanagasiana ny toe-karena izay rehetra niteny ary nolazainy fa anisan'ny harena dia ny olona, indrindra ny ankizy mpianatra.

Izay nolazaina ho fanagasiana ny toe-karena dia tsy ny fanoloana fotsiny ny olona mitantana ny ekonomia amin'izao fotoana izao homalagasyfa fanovana mihitsy ny fomba arahina ho amin'ny tarigetra sosialista.

Izay voamarika matetika indrindra dia ny tokony handraisan'ny Fanjakana ny fomba enti-mamokatra (secteurs d'Etat).

Ny antony voalaza dia : rehefa an'ny fanjakana ny famokarana dia efa an'ny vahoaka Malagasy rahateo.

## II - NY OLANA HORESENA

### A. - Fampianarana

Tsy ampy ny sekoly. Tsy ampy ny mpampianatra (Ny sekoly vitan'ny Fokonolona dia tsy mahazo mpampianatra). Ny mpampianatra itinérants dia tsy fantatry ny ankizy ny zavatra lazainy.

Ny teny anaovana ny fampianarana dia tsy azon'ny ankizy (satria teny frantsay)

Lafo ny boky sady miovaova isan-taona. Be loatra ny andro tsy ianarana sady tsy mifanentena akory amin'ny toetr'andro eto Madagasikara sady tsy ampy ny sekoly mampiana-draharaha no tsy manao asan-tanana ny ankizy any amin'ny Fianarana ankapobeny.

Misy tsy ara-drariny ny fanomezana Bourses. Misy fanavakavahana ny fandraisana mpianatra. Tsy mahita atao ny ankizy voan'ny fameram-potoana (limite d'âge).

Ny diplaoma tsy manomana amin'ny asa hita eto an-toerana.

Ny programa misy dis tsy mifanentana amin'ny toe-tsaina sy izay ilain'ny malagasy. (Fehezin'ny accords de Coopération ny Université)

### B. - Ny Varotra

Tsy manambola ny malagasy. Matin'ny varotra vahiny . Misy Malagasy tsy mividy amin'ny Malagasy. Misy mpanao taozavatra tsy manaja ny asany (Mora simba, tsy vita).

Be loatra ny hetra zakain'ny mpivarotra : Patentes, Douanes, TUT, Revenus.

.../.



Misy manao tsikombakomba momba ny fampidirana entana eto Madagasikara.

Tsy ampy ny olona niofana ho amin'ny varotra voafatotry ny accords de coopération ny varotra ivelany.

## III - NY LALANA AZO IZORANA

### A. - Fampianarana

- Ampitomboina ny vola ho enti-manana ny fampianarana : na ny ambaratonga voalohany, na ny ambaratonga faharoa, na ny ambaratonga ambony.
- Soloana Malagasy ireo mpampianatra itinérants.
- Atao malagasy tanteraka ny fampianarana rehetra ary any amin'ny asa rehetra eto Madagasikara dia omena ny toerany ny teny malagasy, ka mba ho ny teny Malagasy ihany no ho teny ofisialy. Ny teny Frantsay dia ianarana tahaka ny fianarana tenim-pirenena hafa.
- Ny programa dia tokony ho ara-pisainana malagasy kanefa ho tafiditra ao ny relations humaines.
- Ny Boky amin'izany dia tokony hiovaova matetika ary kendrena izay hahamora vidy azy.
- Ny andro fialan-tsasatra dia tokony hifanitsy amin'ny fotoam-piasana eto Madagasikara (Avril sy Décembre).
- Tsy tokony ho foanana ny andro fampianarana raha misy olo-manakaja tonga manangy.
- Ampitomboina ny sekoly mampiana-draharaha (Enseignement technique) ary asiana fianarana ankapobeny.
- Mba hisy fampianarana ho an'ny ankizy tratry ny limite d'âge hanomana azy amin'ny asa.
- Tokony ho ny zanaky ny kely fivelomana no homena Bourses ary hamoraina ny kojakoja fahazoana azy.
- Homena fahalalahana ny Bourses mankany ivelany indrindra amin'ny tany sosialista.
- Tokony tsy hisy fanavakavahana ara-poko, ara-pinoana, ara-pirehana politika ny fandraisana ny ankizy any amin'ny sekoly.
- Tokony hisy planification de l'emploi et de l'enseignement.
- Ho an'ny olona rehetra ny fampianarana (démocratisation de l'enseignement).

### B. - Varotra

- Foanana ny T.U.T.
- Amboarina ny tarif Douanier.
- Ampiana ara-bola ny mpivarotra sy ny mpanao tao-zavatra malagasy (Banque populaire, Crédit agricole).
- Asiana fanamboarana ny lalàna mifehy ny Banky tamin'ny taona 1964.
- Amboarina ny Accords de coopération.
- Mba hahazo mamboly malalaka paraky gaz.
- Hisy fampianarana manokana ho an'ny olona hanampahaizana momba ny varotra.

## FAMARANANA

Angatahin'ny be sy ny maro ny hitohizan'izao dinika ifanaovana amin'ny hery velona izao. - ary misy aza mangataka mba hisy mihitsy Commission permanente.

(Vaomiera maharitra)

## K O M I S I O N A Faha-3

### FANAGASIANA NY FAMPIANARANA

**FANONTANIANA I**

Samy rahatsapa daholo ny mpivory fa tokony hamboarina haingana ny fampianarana, mba hitarihana ny sain'ny ankizy sy ny tanora ho amin'ny fampandrosoana ny toe-karena. Ny fanagasiana ny fampianarana no lalana iray hanatanterahana izany.

Ireto ny venti-kovitra mantonan'ny fanirian'ny mpivory.

I- FANAVAOZANA FOTOTRA HO AMIN'NY FAMPIANARANA

a) fampitoviana lenta ny fampianarana teknika (enseignement technique) amin'ny fampianarana ankapobeny (enseignement général) na eo amin'ny fari-pahaizana izany na eo amin'ny isan'ny trano fampianarana.

b) Orientation professionnelle :- alohan'ny hidirana ao amin'ny kilasy faha-6 dia efa tokony ho fantatra izay manavanana ny ankizy na ho ao amin'ny enseignement général na ho ao amin'ny enseignement technique - tokony hisy test psychotechnique iandraiketan'ny Fanjakana hanatanterahana izany.

- Ao amin'ny kilasy faha-3 dia mbola tokony haverina indray izany famotopotorana izany vao misondrotra ao amin'ny kilasy faha-2.

2- TAKIANA NY HAMERENANA AO AMIN'NY FANDAHARAM-PIANARANA AMBARATONGA VOALOHANY IRETO FAMPIANARANA IRETO :

- jardin scolaire
- enseignement ménager
- atelier scolaire.

3- Fampitomboana ny isan'ny trano fampianarana sy ny fitsinjarana any amin'ny toerana samihafa ny
- collèges d'agriculture
- collèges techniques
- fampianarana momba ny fiompiana

4- Ho fampitomboana ny tanora dia angatahina mba homena fanampiana (bourses) araka izay azo atao ny mpianatra rehetra ao amin'ireo sekoly ireo.

Rehefa vita ny fianarany dia mba homena fitaovana hoenti-miasa ireo izay hiasa ho an'ny tenany.

5- Fanomezan-toerana bebe kokoa noho ny tamin'ny lasa, eo amin'ny fampielezampeom-pirenena sy ny gazety amam-boky, ny dinidinika mikasika ny fambolena sy fiompiana ary fianarana taozavatra .

6- Fitsinjovana ny toerana hisy ireo tanora ireo rahatrizay vita fianarana.

**FANONTANIANA II**

Ny vato misakana tsy handrosoan'ny varotra eto amintsika

I- Tsy ampy fahaizana ny maro eo amin'ny ara-teknika amin'ny taozavatra sy ny varotra hany ka tsy mahafapo ny zava-bita

2- Tsy manana toe-tsaina sahy hiditra amin'ny lalina koa amin'izany dia mampiasa ny volany amin'ny fanorenan-trano ireo manan-katao

3- Tsy misy fifampitokisana eo amin'ny samy teratany

4- Tsy ampy ny hoenti-manana ary sarotra ny fisamboram-bola any amin'ny banky.

5- Tsy afaka hifaminana amin'ny vidin'ny taozavatra vita avy any ivelany

N O H O I Z A N Y D I A :

I- Ilaina ny fahatsiarovan-tena

2- tokony ho sahintsika ny mandray an-tànana ny varotra sy ny fanaovana tao- . . ./...



zavatra, ny fanafarana sy ny fanodranana entana avy any ivelany

3- Aoka ho ampian'ny Fanjakana na ara-bola na ara-teknika ireo malagasy afaka hivondrona sy ireo artisans miasa ho an'ny tenany.

4- Tokony ho hatsaraina sy havaozina ny fifamoivoizan'ny entana eto an-toerana.

5 - Ilaina ny fanamorana ny fisamboram-bola amin'ny fananganana banque populaire

6 - Aoka hoahodina eto an-toerana aloha ny vokatry ny tany sy ny harena ao ankibon'ny tany vao haondrana.

7- Takiana ny fandinihana indray ny " A C C O R D S D E C O O P E R A T I O N ".

8- Tsy mitovy ny hevitra mikasika ny fifandraisana amin'ny M A R C H E C O M M U N sy amin'ny A F R I K A A T S I M O.

9- Ilaina ny fananganana K O P E R A T I V A M-B A R O T R A mba hanomezana lanja amam-bidy ny vokatra.

UNIVERSITE DE MADAGASCAR
Ecole Nationale Supérieure Agronomique
3857

Commission nº 4

/ Rapporteur : Lanona Albert /

1ère question :

Tokony ho dinihina ny accord de coopération momba ny fampianarana.

a) matières :

- Fananganana Ecoles techniques (hatry amin'ny communes);
- Fananganana Ecoles professionnelles;
- Fampiarina ho amin'ny programan'ny sekoly ny asa-tanana sy fanaovana zaridaina (jardin scolaire);
- Fampiasana teny malagasy amin'ny fanazavana lesona any an-tsekoly;
- Tokony hifanentana amin'ny toe-tsaina sy ny toe-karena malagasy ny fampianarana;
- Atsangana haingana ny vaomiera mamolavola ny fitsipi-pitenenana malagasy;
- Atsangana haingana ny vaomiera momba ny fanoratam-boky malagasy;
- Tokony tsy hasiana limite d'âge any amin'ny fampianarana teknika sy sekoly any ambanivohitra;
- Foanana ny coopérants militaires, ka soloina malagasy mitovy diplaona aminy;
- Tokony ampidirina ny enseignement socio-économique;
- Tokony ampidirina ao antsain'ny ankizy atrany amboalohany ny momba ny coopérative sy Syndicat ary fiainana socialiste (promotion collection);
- Tokony ho gasiana avokoa ny Filohan'ny Sekoly sy ny conseillers techniques amin'ny ambaratonga rehetra amin'ny fampianarana;
- Ampitomboina ny EPP sy ny Mpampianatra;
- Ampitomboina ny Budget-ny Fampianarana;
- Foanana ny contractuels mba ahazoan'ny tanora andraikitra;
- Amorana ny fampidirana amin'ny EPP.

Tokony ampiana ny Sekoly tsy miankina amin'ny fanjakana ary arahi-maso ny fomba fampianarany. Nefa koa dia nisy nilaza fa tokony raisin'ny Fanjakana ny fampianarana ka noho izany tsy ilaina ny fanampiana ny Ecoles privées (laïcité de l'enseignement).

b) méthodes

Ekena fa misy volavola ataon'ny Fanjakana amin'izao fotoana izao mikasika ny fampianarana amin'ny ambaratonga voalohany.

Ho andanin'izany dia misy volavola natolotry ny mpiandraikitra ny fanabiazana Katolika izay atolotray ny tompon'andraikitra miaraka amin'ity rapaoro ity.



- Tokony asiana ny orientation professionnelle;
- Tokony hifandrindra amin'ny planina ny fampianarana;
- Tokony hisy ny comité interministériel mikarakara ny fampandrindrana ny fanomanana ny asa efa misy (formation et emplois) eto Madagascar;
- Ampitomboine ny cadres moyens;
- Tokony hisy tanora halefa hiofana any amin'ny tany sosialista antsinanana;
- Tokony hatao amin'ny teny malagasy daholo ny fampianarana; nefa moa dia misy koa milaza fa tsy ho vita haingana izany fa hatao miandalana;
- Tokony hasiana fanamboarana ny Bourses-ny mpianatra any Andafy;

Lycée Ferry ) hovana
Galliéni (

## 2ème question

- Ilana fanamboarana ny Code des Investissements eto Madagasikara;
- Tsy ampy ny vola enti-miasa ka ho hamoraina ny fisamboram-bola ho an'ny mpanao asa-tànana sy ny mpivarotra;

Be loatra ny hetra alaina amin'ny mpivarotra ka tokony ahena ; ary ny T.U.T. koa dia tokony ho foanana satria miakatra ny vidin'ny tao-zavatra;

- Tokony hasiana Carrière douanière hiarovana ny zavatra vita tsy misy eto Madagasikara ;

Tokony hampiana sy tohanana ny mpivarotra sy mpanao tao-zavatra te-hivoatra ;

Tokony hitady lalana ny fanjakana hivarotra ny vokatrin' ny asa-tànana ;

Tokony ny fanjakana no hanome ohatra amin'ny fividianana zavatra vita malagasy (fanaka ao amin'ny bureau) ;

Tokony hisy eran'ny Sous-Prefecture ny fifaninanana Tsiebo Calvin ;

Tsara ny coopérative nefa tsy tokony ampidirana politika Ary tokony ny tantsaha no hofànana hitondra azy fa tsy teknisiana ;

- Mba hampandroso ny asa-tànana( sary, sikotra, rary, tenona) dia tokony mba hampidinina amin'ny andraikitrin'ny Ministera mikarakara ny Vehivavy, ny fampiroboroboana ny asa-tànana ;

Lavina ny fifandraisana ara-barotra amin'ny Afrique du Sud fa tsy ahazoan'ny madinika combon-tsoa ; koa ny fampidirana ny Hotel Sud-Africain ao Nosy-Bé dia mamono ny Palm Beach izay ananan'ny fanjakana anjara ;

Ny mpihinam-paraky dia tokony omena alalana hamboly izay hohan'ny tahaka ny teo aloha ;

Anisan'ny toe-karenan'i Madagasikara ny omby ka noho izany hamoraina ny lalàna mifehy ny doro-tanety any Atsimo ;

Ny fampandrosoana ny toe-karena araky ny foto-kevitra sosialista dia tokony ankinina amin'ny Secretariat d'Etat sy ny Economie mixte ;

- Tokony hatsangana ny coopérative-n'ny mpanao asa-tànana;



## KOMISIONA FAHA-5

Ny mpandray anjara ao amin'ny Commission faha-5 dia miray feo fa ny fanagasiana ny toe-karena dia ny fampizorana azy amin'ny sori-dalana sosialista.

Ny fizorana amin'izany làlana izany anefa dia tsy maintsy hitandroana ny maha-malagasy ny Malagasy sy fakamamina ny vita malagasy.

Koa ilaina mihitsy ny fanolokoloana ny ankizy sy ny tanora, hahatongavana amin'izany tanjona izany.

Tao-zavatra :

- Fanampiana ny mpanao taozavatra (fampisamborana vola, fampianarana)
- Tsy fampandoavan-ketra ny mpanao taozavatra (impôts sur les revenus) mba ho famporisihana ny taozavatra malagasy(artisanat)
- Fampiraisana ireo mpanao tao-zavatra ao anatin'ny Coopérative iray mba hitandroana ny vidin-katsemboany.
- Fanamboarana ny Code de travail mba hitsinjo ireo mpanao taozavatra manana apprentis
- Fanaraha-maso ny taozavatra vitan'ny Malagasy mba ho vita tsara
- Fikarohana zavatra malagasy tsy fahita any an-kafa fa tsy fanka-tahaka fotsiny ny an'ny hafa (ohatra =endrika trano)

Varotra :

- Fanamorana ny fahazahoan'ny mpivarotra Malagasy misambo-bola toy ny vahiny (prêts bancaires)
- Tsy ampandoavina revenu (impôts sur les bénéfices divers) ny mpivarotra madinika
- Fanafoanana ny impôts indirects izay mampisondrotra be loatra ny vidin'entana
- Fampihenana ny taxes douanières izay mampisondro-bidy ny entana
- Fandraisan'ny Fanjakana ny varotra ivelany sy fitadiavana tsena vaovao
- Fanerena ny Compagnie vahiny izay manao ny ambetin'asany eto an-tseranana hanana ny foibeny eto Madagasikara
- Fanaraha-maso ny vidin'entana
- Fandrindrana ny hetra (patentes) hifanentana amin'ny tena varotra atao
- Fampisarahana ny Chambre de Commerce sy Industrie amin'ny Agriculture
- Famerana ny fanafaran'entana sy ny fanondranana ny ankoran-javatra tsy voahodina any ivelany
- Mba hahamora ny fampisamboram-bola ho an'ireo mpanao tao-zavatra sy mpivarotra malagasy dia ilaina ny fananganana Banque populaire
- Fampiasana ny teny malagasy amin'ny famoahana ny didy amandalana mba ho azon'ny be sy ny maro
- Fandraisan'ny Fanjakana anjara miandalana hatrany ny fitanterana eto an-toerana sy ny mankany ivelany

Fampianarana :

Fitaizana nohatrarana ny fenitra voalaza eny ambony dia ny sosialisma.

.../...

**Ny tanorà**

- Fanivanana ny boky revio, cinéma, ets....
- Fampianarana mampivelatra ny maha izy ny tsirairay ka hanana saina tia karokaroka sy sahy mandray andraikitra hanadino ny fitiavan-tena tafahoatra.
- Fananganana Université populaire
- Fanafainganana ny efa misy ary fananganana formation professionnelle des adultes
- Fanorenana sekoly fianarana tao-zavatra ho an'ireo tanora efa niala tao amin'ny primaire nefa tsy tafiditra amin'ny ambaratonga faha-2
- Fampitomboana secteur d'Etat voaofana amin'izany
- Fanomezana toerana ny Malagasy alohan'ny vahiny
- Fampidirana ny mpampianatra malagasy amin'ny famolavolana ny programme
- Fandaminana ny vacances hifanaraka amin'ny toe-tany
- Classification professionnelle-n'ny mpampianatra

**Olon-dehibe**

Fanorotoroana ny ray aman-dreny hamporisika ny zanany hirona any amin'ny Technique
- Ny famoahana amin'ny radio izay rehetra mikasika ny fitaizana amin' ny fotoana maha ao an-trano ny olona ary ho kendrena mba hilaza ny zava-miseho rehetra mba isakanana ny fielezan'ny tsaho

**Fampianarana amin'ny ankapobeny**

- Fanovana ny rafitra sy ny votoatin'ny fampianarana mba hifandrindra amin'ny fizorana amin'ny sosialisma
- Fanagasiana ny fampianarana hatramin'ny kilasy faha-3 ary fampidirana ny fianarana tao-zavatra ka hanadinana amin'ny B.E.P.C
- Fananana boky maromaro ka amin'ny teny malagasy
- Fandraisan'ny fanjakana an-tanana ny fivarotana ny boky ilaina amin'ny fampianarana
- Tsy fanovana ny boky isan-taona
- Fanaraha-maso ny fanomezana bourse ho ara-pahamarinana sy ny fampiasana azy
- Fanemorana ny fe-taona ahazahoana mijanona ao amin'ny Primaire ary fandraisana ny ankizy hatramin'ny 5 taona amin'ny sekoly
- Ferana tsy hihoatra ny 50 ny isan'ny mpianatra amin'ny kilasy iray amin'ny primaire
- Hampitomboina ho adiny iray ny fotoana anaovana jaridain-tsekoly ary fanasiana izay amin'ireo toerana izay tsy misy
- Hasiana école professionnelle du 1er degré isaky ny sous-préfecture
- Fampidirana ao amin'ny Programme ny fampianarana économie politique sy sosialisma isan'ambaratonga
- Fampitomboana ny coefficient-n'ny teny gasy any am-pianarana
- Fampianarana maimaim-poana ny zanaky ny tantsaha ary fampandoavambola ny zanaky ny manana manomboka amin'ny ambaratonga faha-2
- Tsy fisian'ny fanavakavahana amin'ny fandraisana mpianatra sy amin'ny fanadinana
- Fandraisan'ny Fanjakana ny sekolim-pokonolona

**S a m i h a f a**

- Fanomezana asa ireo ouvriers manana qualification
- [illegible] fanampiana [illegible] -kafa mba tsy [illegible]

.../...



- Tsy ampy ho antony hifandraisantsika amin'ny Afrika Atsimo ny fahamoran-javatra avy any aminy sy ny maha akaiky azy
- Fanaraha-maso ny vola fanampiana omen'ny firenen-kafa mba tsy hifonofono tetika hafahafa
- Tsipahina ireny fanampiana ireny raha mifangaro fepetra (tsy omena ny fanampiana raha tsy misy toy izao na toy izao) (entreprise izao no manao ny asa, ciment avy any ivelany no anaovana azy)
- Fanagasiana miandalana ny mpitondra ny raharaha tsy miankina amin'ny Fanjakana

## KOMISIONA FAHA-6

Membre du bureau : Prezida : Mme RAMAROSAONA
Presida lefitra : M. SENEGALY dit SEVE
Rapporteur : M. RAJAOHARINAIVO Claude
M. RAKOTOMALALA Ignace

Membre de la Commission 6 : 97

---

Toko 2 . - 1. Voalaza fa tokony hatao izay hananan'ny Malagasy :

I - TOETRA MALAGASY VERY : fiheranana, fahamarinana, fifandraisana, fahatsoram-po, fifanajana, fifampahatokisana, fifankatiavana, teny Malagasy tsy misy vary amin'anana.

II - NY ANTONY NAHAVERY AZY : fifaninanana, tsy fahampian'ny fahaizana, fisian' ny assistance technique vahiny, fidiran'ny boky vahiny izay manindrahindra ny hakanton'ny any ivelany (gazety, boky, film, etsetra, etsetra ...), cinéma, fanambadian'olona samihafa firenena.

III - NY OLANA : fiverenana amin'ny maha-malagasy.

IV - NY FANAFODY : fitaizana ny toe-tsaina :

a) - any am-pianakaviana : fanoroana ny ankizy hirehareha amin'ny maha-malagasy azy, fampianarana azy ireo ny fomba malagasy mendrika.

b) - any an-tsekoly : fanagasiana ny programa (tantara - geografia), fampidirana ny teny malagasy mba ho demokratika ny fampidirana ny ankizy any an-tsekoly, mba ho laika ny fianarana, mba ho maivanina tsara ny film, gazety, fampidirana boky mora vidy amin'ny teny malagasy.

c) - fanagasiana ny fikarohana

d) - ho an'ireo mpiasa : recyclage professionnel (fanatsarana ny fahaizan-draharaha) fanampiana ireo mpiandraikitra ny entreprise madinika (mpiasa voaofana, fitaovana ampy), fanomanana mpitondra any amin'ny tany sosialista indrindra ; fitantanan' ny Fanjakana ireo indostria tazonin'ny vahiny, fananganana sampan-draharaham-panjakana iray hanoro hevitra ny mpanao asan-tanana sy ireo mpanao asan-tanana madinika.

e) - sokajin'olona ankapobeny : fanamaroana ny toeram-pivoarana miankina amin'ny Fanjakana na tsia, fampianarana mamaky teny, fampianarana ho an'ny olon-dehibe, ireo dia tokony hotohanana ara-pitaovana, ara-bola.

Ireo rehetra ireo anefa no ho tanteraka dia :

1 - ampiasaina hatraiza hatraiza ny teny malagasy (JORM, sekoly, lalana, code de travail, etsetra, ...)

2 - tokony tsy hisy ambaratongam-pitondrana be loatra manarakaraka ny Governemanta sy ny vahoaka

3 - hahena ny vola fandaniana (fonctionnement)

4 - ampitomboina ny vola hividianana ny fitaovana ho enti-mamokatra

5 - hahena ny isan'ny sampana mpitandrina ny fandriampahalemana mba tsy hahatonga ny olona hatahotaho-poana.

6 - Havaozina ny fomba fifandraisan'ny mpitondra madinika amin'ireo vahoaka entiny.

2. Malagasy bebe kokoa .."

Fanazavana ny fanontaniana : Gaga ny mpivory sasany raha

.../...



petraka ny fanontaniana satria toa manda avy hatrany ny tsangan-kevitra sosialista ijoroantsika izany. Ny fanekena ny hisian'ny malagasy hiasa ho an'ny tenany dia toa fanekena sahady ny lalana mety hizorana ho an'ny kapitalisma malagasy? Misy mihevitra fa sosialisma sientifika no tokony hijoroana.

I - ZAVA-MISY : A - Eo amin'ny lafiny ara-pambolena : dia miasa ho an'ny tenany daholo ny 86 % amin'ny malagasy ;

B - Eo amin'ny fanovan-taozavatra dia saika mpikarama daholo ny malagasy afatsy ireo mpanao asan-tanana madinika ankehitriny ;

D - Ireo mpanam-bola malagasy dia tsy rototra loatra amin'ny fanaganana fanaovan-taozavatra fa mampiasa ny volany amin'ny fanaovan-trano sy mametraka ny volany any amin'ny banky.

II OLOLA SY NY FANAFODINY : Malagasy miasa ho an'ny tenany ve sa malagasy mpikarama no ilain'ny toekarem-pirenena ?

é - Mizara efatra ny valin'io fanontaniana io.

A- Tokony samy hisy izy roa ; Araka ny Varigetra sosialista arahin-tsika dia tokony hivondrona ny malagasy (coopérative, syndicat des communes ...), mba ho lehibe kokoa ny zavatra sahaniny...

- tokony hanana ny fahaizana ampy ary tokony ho olo-marina ireo mpitantana ireny fivondronana ireny.

- maro ireo nanohana io hevitra io tao amin'ny commission - 6.

B- Satria misy ny mpampiasa sy ny mpiasa dia tokony ho samy mahalala ny zony sy ny andraikiny izy ireo :

- tokony tsy hisy ny tahotra ny kapitalista vahiny.

- havaozina sy hatao amin'ny teny malagasy ny code de travail ary amboarina hiady hevitra ny solontenan'ny mpiasa sy ny mpampiasa.

- hasiana fampianaran-draharaha isakin'ny toeram-piasana mba hahafahan'ny mpiasa misondrotra.

- hohatsaraina ny fiasan'ny syndicat des travailleurs.

- tsy hisy fanavakavahana eo amin'ny fandraisana ny mpiasa fa ho araka ny fahaizany.

- ho an'ny vehivavy miasa dia tokony hisy crèche gratuit ho an'ny zanany.

- tokony hamboarina ny fifampitondran'ny mpiasa sy ny mpampiasa (fifanajana, fifampahatokisana, fahamarinana, fahatahorana an'Andriamanitra)...

D - Malagasy miasa ho an'ny tenany : Tsara ny hisiany • r.. mandray andraikitra - manana ny teknikan'ny fitantànana - mahay mitondra olona - mahay mikaroka ny fanalàna olana - manana fahasahiana sy fahafahana - nefa : tokony ho ampy ny fahaizany koa noho izany dia tokony hizy ny toerana hianarana fitantanana : hahely ny ENCA ho sahaza ny sokajin'ny mpiaza rehetra - hamorina ny fombafomba fahazoan-dàlana avy amin'ny Fanjakana ( fambolena - architecture) - hisy cabinet d'affaire momba ny fiscalité ; hahena sy tsy ho sembanina amin'ny hetra eny ampiandohàna ny mpanao tao-javatra, fa ho ampiana ara-pitaovana, ara-bola (subvention, crédit, service d'encadrement = BDPI gratuit) ho an'ny malagasy).

- tokony hisy animation industrielle sy artisanale.

- tokony hamparitaka ny fepetra rehetra ao amin'ny code des investissements mba hahazoan'ny malagazy mandray ny tombotzoa nomena ny vahiny hatrizay.

E - Fandraisan'ny Fanjakana anjara :

- fandraisana miandalana ireo fotom-pamokarana goavana ho harem-pirenena (jiro, rano, banky, assurance...)

- fitrandrahana ireo harena an-kibon'ny tany (vy, etc...)

- fandraisan'ny Fanjakana an-tànana ny varotra any ivelany

- fitadiavana mpividy ireo vokatra ary fampahalalàna izany an'ireo mpamokatra

- fanatsarana ireo efa eo am-pelatanan'ny Fanjakana ary fandefasana mpianatra any ivelany hiana-draharaha.

Ny Rapporteur
RAJAOHARINAIVO Claude

## KOMISIONA Faha-7

FANONTANIANA I

Ny mpandray anjara dia manamarika fa:

- Very zo ny malagasy noho ny fanjanahan-tany ka mbola mihevitra ny tenany ho ambany sy matahotahotra
- Ny malagasy dia notezaina hanampy fotsiny ihany (araky ny toro-marik'i Général GALLIENI) fa tsy natao ho tompon'andraikitra na tamin'ny fitondrana na tamin'ny famokarana.

Noho izany dia tsy mahazo fianarana ambony izy ireo afa-tsy ireo izay nomena ny zo frantsay -(citoyen)

- Ny fianarana izay ateo dia mirafitra araky ny toe-tsaina frantsay fa tsy mampifandrindra amin'ny misy etoMADAGASIKARA : ohatra coefficient ny teny vahiny sy malagasy . Ny fandalinana ny géographie, tantaran' ny literatiora ary ny sivilizasiona malagasy dia tsy noho ny an'ny vahiny ampy.
- Ny fomba malagasy sasany izay heverina vato misakana-dalana amin'ny fandrosoana ara-toe-karena (famadihana)
- Maro ny tsy mahefa ny andraikiny araky ny tokony ho izy noho ny tsy fahaizana na tsy fisian'ny "conscience professionnelle" "entreprise"
- Mbola vitsy ny malagasy izay misahana sy miandraikitra ny indostria no tompon'andraikitra amin'ny ekonomia fa saika vahiny daholo ny ankamaroany (commerce-industrie-grande plantation ).

Misy tsy firehana eo amin'ny samy malagasy (varotra fifandraisana amin'ny birao)

Ny lalàna mifehy ny asa dia tsy fantatry ny malagasy noho izy tsy natao amin'ny teny malagasy no sady tsy mifanaraka koa amin'ny toetr' andro.

Tsy ampy ny fitaovana eo am-pelatànan'ny malagasy ho entiny hamokatra = ny tany - fiasana - vola - ets......)

Tsy ampy ny fianaran-draharaha natao ho an'ny malagasy ary mandringa raha ny fianarana ara-teknika no ho raisina

Malalaka loatra ny lalàna mifehy ny varotra sy ny indostria ary ny famokarana (production) ka tsy mitsimbina ny ankamaroan'ny malagasy.

Noho izany ireo mpandray anjara dia mahatsiaro fa tokony heverina ny fanantontosana ireto fanefitra ireto :

- Tokony hisy fivoaran-tsaina sy fahatsiarovan-tena eo amin'ny malagasy ka tsy hevitra ny tenany ho ambany izy amin'izany maha-malagasy azy izany.
- Tokony hamporisihina ny fianarana izay efa tokony aompana rahateo amin'izay misy eto MADAGASIKARA manomboka amin'ny farany ambany ka hatramin'ny fianarana ambony indrindra
- Hampidirina ao amin'ny praograma ny fampianrana ny maha-malagasy ny malagasy
- Literatiora
- Sivilizasiona sy ny tantara-pirenena malagasy
- Atao mitovy lenta, na mavesa-danja kokoa noho ny teny vahiny ny teny malagasy ha any am-pianarana, na any amin'ny fanadinana na amin'ny fifampikasohana.
- Tokony tsy hanao rapadango anefa amin'ny fandraisana ny fomba malagasy tranainy izay mety hifono finonoam-poana ka hanimba ny toe-tsaina sy ny toe-karena
- Tokony hatevenina kokoa ny fampianarana.../...



asa sy ny ara-teknika ka atao bebe kokoa ny bourse sy ny fandalinam-pahaizana amin'ireo lafi - pianarana ireo ary tsy asiana fanavakavahana na amin' ny olona ampianarina na amin'ny toerana andefasana azy ireo hianatra (pays socialistes)

- Tokony hatao izay ahamaro ny "cadres" malagasy mba ho eo ampelatànan'ny malagasy ny andraikitra - nefa izany dia tsy midika ho famoronana indray "kapitalista malagasy". Noho izany ny fitantanana ny ekonomia dia tokony harafitra amin'ny planina sosialista
- Tokony hanga ny asany ny malagasy " conscience professionnelle" nefa koa aoka isika samy malagasy mba hifanohana fa tsy ny vahiny ihany no mitsetsitra ny mamy (varotra)
- Ny Fanjakana dia tokony hampivoatra ny lalàna malagasy hifanaraka amin'ny toetr'andro.

Amin'izany dia hangatahina manokana izany amin'ireto lafiny ireto :

- Hangatahina atao teny malagasy ny lalàna mifehy ny asa (code de travail) mba ho fantatrin'ny besinimaro
- Hangatahina mba tsy hoferana amin'ny mpiasa ihany fa amin'ny tantsaha koa ny fampiharana ny lalàna mifehy ny asa sy ny fambolena izay azo aminy :
- Prévoyance Sociale (CNAPS)
- Fahalalahana amin'ny fanaovana syndicat
- Fohanana ny zone de salaire
- Ny fanavaozana momba ny tany (réforme agraire) dia tokony hampiarina amin'ny vahiny fa tsy malagasy madinika irery ihany no hiarany (SOMALAC)
- Ny lalàna mifehy ny momban'ny investissement dia tokony hametra : ny fandefasana any ivelany ny tombom-barotra (réinvestissement et transfert du bénéfice)
- Ny fihorenan'ny fikambanana lehibe eto MADAGASIKARA (Société)
- Siège social
- Ny famerana ny lalàna momba ny varotra
- Ankoran-javatra --(minerai ) izay tokony hamboarina eto an-toerana fa tsy alefa any ivelany fotsiny
- Ferana ny habetsahan'ny entana mahazo miditra (contingentement)
- Tokony alain-tahaka izay zavatra hita fa tsara (BDPA)
- Ahorina ny Comité d'Entreprises mba hisian'ny risi-po sy tombotsoa ho an'ny mpiasa
- Tokony ho raisin'ny Fanjakana mivantana kanefa miandalana izay zava-dehibe mifehy ny ekonomia
  = Electricité
  Banque
  Assurances
  Varotra ivelany

miampy izay efa nataony Poste - Ferme d'Etat - ets.....

- Amin'ny Société d'économie mixte dia tokony ho ny Fanjakana no manana anjara be indrindra
- Omena fiasana na vola enti-miasa ireo olona avy miofana amin' ny asa-tanana na indostria
- Ho fanampiana ny fandriaka (Vezo)
  1) Eo amin'ny fanjonoana
  2) Eo amin'ny fianarana mandrafitra botry
- Fanaovana lalàna fa fanatsarana ary mba hahamora ny fameehana ny vokatra.



UNIVERSITE DE MADAGASCAR Ecole Nationale Supérieure Agronomique

FANONTANIANA 2

Ireo mpandray anjara dia mahatsapa fa :

- Tsy misy fototra loatra tokony hanavahana ireo karazan'olona ireo satria tsy maintsy misy ny miasa-tena ary tsy maintsy misy koa ny mpiasa aman'olona.

= Vitsy ny mpanohana ny mpanao asa-tànana malagasy ka sarotra ny fivoarany

= Tokony ho tompon'andraikitra daholo ny malagasy na miasa-tena na miasa aman'olon-kafa . Kanefa tokony ho mendrika izany asa ataony izany.

- Olona vitsy no mbola tena mandray anjara mivantana amin'ny ekonomia nefa tsy ampy fitaovana izy ireo

- Tsy mahay mitambatra ireo mpiasa malagasy ka sarotra ny hanampiana azy

- Tsy ampy mihitsy ny fampianaran'asa ho an'ny malagasy na ny "Cadre" izany na ny tena mpiasa .

- Noho izany dia mihevitra ny mpandray anjara fa :

= Tokony hivondrona ho koperativa ireo mpiasa-tànana mba hahamora ny fanampiana azy sy ahafahany miaro-tena amin'ny concurrence

- Tokony hatao mora ny famatsiana ireo koperative ireo ka sady omena vola izy no omena fitaovana hiasany

- Tokony hanana "Goût de l'entreprise" sy "Esprit de risque" ny malagasy fa tsy hiankin-doha lava izao .

- Hatsaraina ny fari-piainan'ny mpiasa mba ahazoana vokatra ampy

- Hovolavolaina ny talenta hananan'ny malagasy fa tsy very voka ihatra fanaovana sy fanatsarana ny fitaovana enti-manjono any amin'ny vezo.



KOMISIONA FAHA-8

1-NY MAHA-MALAGASY

- Fandinihana indray ny "ACCORDS DE COOPERATION" momba ny fampianarana mba hifanentana amin'ny toe-tsaina maha-malagasy, izay antoky ny fampandrosoana ara-toekarena.

- Fanamboarana tanteraka ny programan'ny fampianarana mba hifanaraka amin'izany toe-tsaina maha-malagasy izany.

- Fanagasiana tanteraka ny fampianarana manomboka hatrany amin'ny ambaratonga ambany indrindra. Na, fiezahana, dieny izao, mba handavorariana izany maha-malagasy ny fampianarana izany. Ary izany dia tsy hisakana ny famporisihana ny fianarana ny tenim-pirenena hafa

- Fanagasiana ny didy aman-dalàna sy ny taratasim-panjakana mba hahazoan'ny valalabemandry izay tiana holazaina aminy sy hampahafantarina azy

- Fandrainan'ny ray aman-dreny anjara eo amin'ny fanolokoloana sy fitaizana ny ankizy manomboka ao an-tokantrano mba hananany io toe-tsaina maha malagasy io

- Fanamerana ny fampidirana ny ankizy any amin'ny sekoly tsy andoavambola. Mampalahelo ny mahita matetika fa tsy mba tafiditra amin'ireny sekoly ireny ny zanaky ny tsy ampy fivelomana. Ny zanaky ny manana no mibahana ao.

- Fampahatsiarovana antsika samy isika hitandro ny maha-malagasy ka ho sahy hijoro eo amin'ny toerana misy, tsy hampandefitra izany eo anatrehan'ny vahiny, tsy ho menatra ny maha-malagasy ny tena, tsy hanana ilay antsoina hoe "complexe d'infériorité".

- Betsaka ny tanora malagasy manam-pahaizana tsy latsa-danja noho ny an' ireo vahiny no tsy mety miverina eto an-tanindrazana intsony satria mahatsiaro izy ireny fa tsy hahazo ny toerana tokony ho azy, mifanentana amin'ny fahaizana ananany. Noho izany, tokony tsy hatao latsa-danja noho izany tombotsoa omena ny vahiny ny homena azy ireny ary dia hisaorana ny vahiny ka homena ireo tanorantsika ny toerany (diplome égal, préférence aux nationaux)

- Fanomezana tombotsoa mialoha ireo teratany malagasy noho ny vahiny eo amin'ny asa fanokarana rehetra sy fanabeazam-boa ny tany, toy ny fanaon'ny firenena rehetra amin'ny teratany, fa izany no miteraka risi-po.

-Tokony hotezaina hahatsiaro tena handray an-draikitra eo anatrehan'ny adidy ny malagasy satria miasa ho an'ny fireneny izy fa tsy hanabe lakalaka fotsiny ny vahiny

- Mampalahelo ny mahita matetika fa aleon'ny Malagasy mifampiraharaha amin'ny vahiny toy izay amin'ny malagasy sahala aminy (fividianana sy fivarotan-javatra, fikaramana, etc)

- Fanorenan'ny fanjakana tranom-barotra, taozavatra (industrie), coopératives, secteurs d'Etat, etc... ka hankinina amin'ny teratany ny fitantanana an'ireo.

-Fanolokoloana sy fanamafisana ny fifampitokisan'ny samy malagasy fa izany no vato misakana lehibe indrindra ny fahombiazan'ny fikambanana malagasy

-Fialana amin'ny faka-tahaka tsy voahevitra ny fomba vahiny amin'ny lafim-piainana maro

-Fanajana bebe kokoa ny fomba tsara nentim-paharazana ka tsy mifanohitra amin'ny fampandrosoana

2.- ASA MALAGASY

-Samy ilaina na ny malagasy miasa ho an'ny tenany na ny malagasy mpikarama ka samy hotsimbinina amin'ny toerany misy azy avy :

-hampiana ara-bola sy ara-pitaovana hanatsarany sy hanitarany ny asany ireo miasa ho an'ny tenany ireo

- hotohanana izy amin'ny torohevitra teknika

- hampisamborina azy ny vola ilainy ka mifanentana amin'ny asany, mihoatra noho izany omena ny vahiny aza.

- harahi-maso anefa izy amin'izany fanaovany ny asany izany
- hohatsaraina ny karaman'ny mpiasa mba hananany fiainana mendrika ny maha-olona azy sy hahazoany mivoahatra ho amin'ny fiainana amboninbony kokoa.
- Izany no hampitombo hatrany ny risi-pony hiasa tsara, satria mahatsiaro tena izy fa miasa ho azy.
- Famaraha-maso ny fomba fampiasan'ny mpampiasa mba hitondrany ny mpiasa araky ny maha-olona azy ary fanaraha-maso koa ny mpiasa mba hanajany ny asa am-panaovina azy.
- Fitantanana ny malagasy miasa ho an'ny tenany hivondrona amin'ny coopératives, ary ny mpiasa ho ao amin'ny syndicats.
- Fanampiana amin'ny torohevitra ireo malagásy miasa ho an'ny tenany mba tsy hanao afa-tsy izay asa tokony hisy tombotsoa.
- Fanizingiginana indray ny fanorenana taozavatra (industries) isan-karazany mba hiteraka asa vaovao ho an'ny tanora.



KOMISIONA FAHA-9

Alarobia 21 Avrily 1971

FANAGASIANA NY TOEKARENA

I.- Famakafakana ny zava-miseho sy ny olana

FAHATSAPANA FA VERY NY MAHA-MALAGASY NY MALAGASY

a).- Farasisa sy takaitran'ny Fanjanahan-tany (traumatisme de la Colonisation)

- Ny hevitry ny vahiny (conseillers techniques) no entin'ny teknisiana Malagasy miasa.

b).- Tsy manana toe-tsaina malagasy intsony ireo avara-pianarana niofana nahari-tra tany an-dafy.

- Be loatra ny programa fampianarana frantsay (méthode française d'enseignement) - Mpampianatra tsy mahay Malagasy - Isika Malagasy tsy mahalala akory ny jeografia, tantaram-pirenena, zava-kanto, sivilizasiona, vako-drazana sy ny sisa.

d).- Mora mandray fomba vahiny, ohatra eo amin'ny fomba fitafy, indrindra ny Tanora (mini-jupe)

- Any amin'ny Entreprise dia tsotsotra ny fanofanana omena ny mpiasa mba tsy hahafahany misondrotra amin'ny ambaratonga ambonimbony kokoa ka mbola mampitohy ny maha "auxiliaires précieux". - Tsy misy intsony ny firaisan-kina, ny fifanajàna, ny fahaizana miara-monina.

II.- Ny làlana azo izorana

AHOANA ARY NY FOMBA HIVERENAN'NY MAHA-MALAGASY

- Ny rehetra no tompon'andraikitra
- Fanamafisana ny maha-iray ny Malagasy (Unité Nationale)

a).- Fivoaran'ny toe-tsain'ny mpitondra : tokony ho modely amin'izay rehetra atao.

- Fivoaran'ny fampianarana hifototra amin'ny maha-Malagasy - Tsy tokony hijerena Antoko politika ny fampianarana - Tsy tokony ho voafetra ny fomba sy làlana hikarohana izay hampandroso : voatondro manokana tamin'izany ny fanavaozana ny "accords de coopération" - Fampahatsiarovana fa ny fampandrosoana dia mitondra tombo-tsoa - Fanohanana mivantana ny mpianatra mivoaka amin'ny Sekoly teknika amin'ny kapitaly sy fiasana ary fanomezana asa azy ireo - Nationalisation de l'énergie, assurances, banques - Tokony haseho ny fahamarinana, na ny mahomby na ny tsy mahomby.

b).- Fandrindrana ny programan'ny fampianarana hifanaraka amin'izay misy eto amintsika : fanivanana ny boky aman-gazety avy any ivelany, ampianarina misimisy kokoa amin'ny ambaratongam-pianarana rehetra sy ny cercles, foyers, club des jeunes, ny toe-tsaina, vako-drazana, literatiora, zava-kanto ary toekarena malagasy satria mora kokoa ny manova ny toe-tsain'ny Tanora.

- Education de masse : audio-visuel, radio-télévision, cinéma, ka ho kendrena izay hahatafapaka azy hatrany ambanivohitra lavitra.
- Haverina any amin'ny "écoles primaires" ny fianarana asa-tànana, jardinage, zaitra, nahandro, sy ny sisa.
- Mila fanofanana ny ray aman-dreny :

../..

- ny any andrenivohitra mba hampiseho modely tsara amin'ny any ambanivohitra;
- ny any ambanivohitra mba tsy ho taitran'ny rendrarendran'ny renivohitra ka tsy hampirisika ny zanany hiakatra any an-tanan-dehibe;

- Famelomana indray izay fomba tsara nolovana tamin'ny razana :
  - firaisan-kina, fifanajana, fanaovana vali-tànana, fiaraha-miasa.

**FANONTANIANA 2.-**

Araky ny hevitry Voamiera faha-9 dia "faux problèmes" ny fanontaniana faha-2 satria :

1°) Raha tena arahina ny làlana sosialista dia foana ho azy ity fanontaniana ity satria manjary misy ny mpiasa sy ny mpampiasa : kapitalista malagasy hasolo kapitalista vahiny;

2°) Lazaina fa isika Malagasy no tompony ka mahagaga raha mbola anontaniana indray ny momba ny mpiasa sy ny mpampiasa : satria tokony ho karazan'olona roa ihany no hisy, dia ny Mpiandraikitra sy ny daholobe.

Na izany aza anefa dia nisy hevitra nivoaka ihany :

- Tokony homena ny lanjany ny sendika : fanamboarana ny convention collective ary fanovana ny code du travail.
- Tokony hampirisihina ny fivondronana amin'ny "Coopérative"
- Tokony tsy hanao "investissements improductifs" :
  - fividianana automobiles (mba hamefena ny "hémorragie des capitaux");
  - fanaovana trano, fasana.
- Mbola mahazo vahana ny monopole vahiny ka tsy tafapoitra na dia ny kapitalista Malagasy aza.
- Ny teny midina dia tokony hatao amin'ny teny Malagasy (procès-verbal-ny Gendarmes, kabarim-panjakana, Journal Officiel, fandraharahana samihafa amin'ny fanjakana).
- Tokony horaisin'ny Fanjakana mihitsy ny fitantanana ny toekarena.
- Tsy maintsy misy ihany ny mpiasa sy ny mpampiasa.





Birao :
Filoha : Atoa RATSIFEHERA Arsène
Filoha lefitra : Atoa TOLY Laurent
Mpampaka-teny : Ramatoa kely RASOAVOLOLONA Charline
Atoa RAKOTOMANANA Honoré

Nandray anjara teo amin'ny vaomiera faha-10 : 127
Nandray fitenenana : 49

## Loha hevitra nodinihina

I.- Izay tokony hatao hananan'ny Malagasy rehetra ny maha malagasy azy ka hinoany sy hitiavany azy

1. Fiovan'ny toe-tsaina ho tena malagasy nefa tsy miverina amin'ny hevi-diso nentim-paharazana (ohatra finoanoam-poana) ary hialana koa ny fomba fisainana nampidirin'ny fanjanahan-tany.

Koa ilaina ny fitaizana ny ankizy araka izany hatrany ampian dohany, any an-tokantrano, any an-tsekoly.

- Any an-tokantrano : fampahafantarana ny fomba amam-panao malagasy (fahamarinana, firaisankina, fifanajana, fifampitokisana etc..) . Ao koa ny angano, dihy, hira, etc..

- Any an-tsekoly : tsy andrasana enina na fito taona vao raisina sy alefa any an-tsekoly ny ankizy; teny malagasy no ampanaovana ny fampianarana; ampianarina hatrany ampiandohana ny tantara sy jeografian'ny Madagasikara, ny zo maha olom-pirenena, ny asa-tànana toy ny "jardinage", ny fahamarinana ka hanajana ny fanekena na dia tsy vita an-tsoratra aza araka ny fahamarinana malagasy.

Eo amin'ny ambaratonga faharoa dia omena toerana bebe kokoa ny teny malagasy na dia ianarana aza ny teny vahiny.

Hatrany amin'ny ambaratonga ambony dia kendrena hifanentana amin'ny toe-tsaina sy ny toe-tany malagasy ny fampianarana ary efa ho voahevitra ao amin'ny planina ny asa ho an'ny tanora nahavita fianarana.

Momba ny teny malagasy (fikarohana, fandinihana, fomba fanoratra, fandikana, fanaparitahana) dia hevitra telo no nitranga :

1º Ho adidin'ny Akademia Malagasy
2º Ho adidin'ny sampan-draharaha teknika ;
3º Ho adidin'ny sampa-mpampianarana ao ao amin'ny Fianarena Ambony.

Ny Sekretariam-panjakana miadidy ny Vehivavy sy ny Ankizy dia manana adidy amin'ireo voalaza ary aloha. Torak'izany ireo antoko sy fikambanana samihafa.

Ny tanora dia tokony tsy ho menatra hijoro amin'ny maha-malagasy azy indrindra fa ireo avara-pianarana.

Ny olon-dehibe dia tokony hanana fahatsiarovan-tena koa :

- fividianana entana amin'ny mpivarotra malagasy ;
- fividiananataozavatra vitan'ny malagasy;
- fifampatokisana eo amin'ny samy malagasy sy firaisankina ka hosorohina indrindra amin'izany ny fitsitokotokoana arapoko sy ara-pihaviana fa iray ihany ny firenena malagasy.

Ho fanampin'izany dia tokony hisy :

- boky sy gazety amin'ny teny malagasy mampahafantatra ny didy aman-dalàna samihafa (ohatra ny gazetim-panjakana amin' ny teny malagasy).
- fòibe ara-tsaina malagasy.

Ny mpanao fanjakana tsy tokona hanao zavatra mahatonga ny vahoaka hihevi-tena tsy hlon'afaka.

<u>Inona no mety kokoa ho an'ny toe karena malagasy : Malagasy bebe kokoa miasa ho an'ny tenany ka tompon'andraikitra amin'izany sa malagasy mpikarama.</u>

Amin'ny ankapobeny dia mifameno ireo :

<u>Ny miasa ho an'ny tenany</u> dia tokony :

1 - ampiana ara-kevitra, ara-pitaovana sy ara-bola
2 - tsy ampandoavina hetra be dia be ;
3 - harovana amin'ny fitsetsefan'ny kapitalista vahiny;
4 - hamoraina ny fisamboram-bola amin'ny banky;
5 - ny zavatra vitan'izy ireo no hovidin'ny Fanjakana sy vahoaka alohan'ny vitan'ny vahiny ;
6 - hajao ny chambre de métier, "cité artisanale";

Izy ireo kosa anefa dia tokony hahay hitambatra amin' ny coopérative sy fikambanam-barotra. Tsy ho mpisolo ny kapitalista vahiny nefa izy ireo (ohatra : Fandroahana mpiasa tsy ara-drariny) ary hiezaka hanatsara hatrany ny asa ataony.

Tokony hanangana "banque populaire".

<u>Ny mpikarama</u> dia ireo izay miasa amin'ny industrie-panjakana ho tohin'ny fehin-kevitra momba ny sosialisma efa nolaniana omaly.

Hevitra vaovao nitranga :

- fitantanan'ny Fanjakana Malagasy ny vola vahiny (devises), ny akoran-javatra, bauxite, nickel, pétrole).



Ny fanjakana koa na ny fikambanana toy ny Syndicat de commune sy Coopération no tokony hiandraikitra ny fivarotana ny vokatra any ivelany (hakaso efa hatao , fanampiny = vanille, café, etc...) ary tokony hisy fanodinana (trano formation) eto an-toerana (Antalaha) ny vanilles.

Ny accord de coopération dia tokony hisy fanamboarana hifanentana amin'ny fanagasiana ny toe-karena ary ireo assistants techniques dia hatao tsara fantina.eo amin'ny accords de coopération :

Ohatra : **fiarovana ireo mpiasa malagasy miasa amin'ny kompania na toerana frantsay : D.C.A.N. any Diégo )**

Mba hanamafy ny fahatsiarovan'ny malagasy ny tenany ho tena tompon' andraikitra dia tokony ho tanterahina ny "réforme"afraide ary ho foanana ny métayage.

<u>FEHINY :</u>

Ny fanajana ny demokratika ka hanantaterahana ny sosialisma no hiteraka ny fahatsiarovan-tenan'ny vahoaka ka ahafahany mandresy ireo olona samihafa misakana ny fanagasiana ny toe-karena ary hatanteraka ny fahaleovantena ekonomoka.

Misy nanamarika fa :

1) **tokony hisy antso atao amin'ny** olona hanome ny firavaka sy ny volamenany hanaovan'ny Fanjakana Indostria".

2) tokony hanamboarana ny"accords de coopération" koa ny fiarovana ny malagasy miasa amin'ny Kompania sy ny toerana frantsay, toy ny amin'ny D.C.A.N. any Diégo.

## KOMISIONA FAHA-11 androany 21.4.71

Président : M.RAKOTOMAVO Jasmin
Vice-Président :Mme RABOTOVAVY
Rapporteurs : MM.RAFARIMANANA Jules
RASOLOARIMANANA Justin

-----

FANAGASIANA TOE-KARENA

Fanontaniana : 1°)Neken'ny rehetra ny fanaovana drafitra mialoha ny fanagasiana ny toe-karena, satria ny Repoblika Malagasy dia manaiky ny lalàna sosialista.

Ny fomba fanantanterahana an'izany dia :

a°)-Ny fanomanana olona tena hanana toe-tsaina malagasy hiandraikitra ny toe-karena. Ka noho izany dia ilaina ny fanamboarany ny fampianarana isaky ny ambaratonga mba hifanentana amin'izany famindra vaovao izany. Irina amin' izany :

- ny hanamafisana ny fampianarana ny teny malagasy, ka ny teny vahiny rehetra dia atao mitovy lenta.
- ny fampitomboana ny sekoly teknika(lycées et collèges d'Enseignement technique ).

b°)-Ny hery velona rehatra no hanao ny drafitra ary koa mbola hanara maso ny fanantanterahana azy.

Fanontaniana : 2°) Irina tokoa mba ho malagasy tanteraka ny kapitaly hampiasaina amin'ny Sociétés - Compagnies - Banques.

Kanefa raha mbola tsy mety ho tanteraka izany dia ekena ny fiarahana kapitaly malagasy amin'ny kapitaly vahiny, ka aoka ny kapitaly malagasy no hanana ampahany betsaka. Amin'izay dia ny Malagasy mihitsy no handray ny toerana sy ny fanapahan-kevitra amin'ny fitondrana ny raharaha.

Kanefa kosa fotoana voafetra izany fiarahan'ny kapitaly izany.

Fanontaniana : 3°) Ny tokony hatao mba hisian'ny Kapitaly Malagasy :

a°)-ao amin'ny sampana mbola tsy misy mpisahana :

- dia tokony ho raisin'ny Fanjakana marontolo izany ohatra : fananganana banque populaire.

b°)-ao amin'ny sampana efa eo am-pelatanan'olona :

- ho raisina ho fananam-pirenena ny fitaovana entina mamokatra. Ary koa fanampin'izany dia tokony mba hanangana Société Malagasy horaisin'ny mpiasam-panjakana ambony (Ministra, parlementaires etc...).
- hanao "Fitia tsy mba hetra"
- hisy fanomezana ataon'ireo antoko isankarazany na politika, na sosialy, na arampinoana.
- Abrogation ou révision des accords de coopération.
- fanampin' ireo dia misy motions natolotry ireto olona sy fikambanana ireto :

Mpanao asan-tanana malagasy :

- RANDRIANASOLO Martin FISEMA
- RANDRIANASOLO Jean A.K,F.M.(Fénérive-Est)
- RALISOA Raseta F.F.P.M.
- RANDRIANASOLO Benjamin T.A.F.A.
- RAKOTOARISOA A.K.F.M.(Ambano)
- RAFENOMANANA A.K.F.M.(Antsirabe)
- RAKOTOMAVO Félix Ambohimahasoa
- RASOANAIVO Noël F.J.K.M.(Moramanga)
- RASAMOELISON Sylvain SEKRIMA
- RAKOTONJANAHARY J.de Dieu P.S.D.
- RASOLOARIMANANA Justin A.K.F.M.



## KOMISIONA FAHA-12

LOHA-HEVITRA : FANAGASIANA NY TOE-KARENA

Hita teo amin'ny asan'ny Commission fa be be kokoa no naka fitenenana.

Araka ny ady hevitra, fa ilaina ny drafitra mialoha amin' ny fanagasiana ny toe-karena. Tokony andra anjara amin'ny fanaovana ny drafitra anefa ny " hery velona " rehetra eto amin'ny firenena fa tsy avela ho an'ny Fanjakana sy ny Teknisiana fotsiny.

Mba hahatomombana ny fanatanterahana an'izany dia :

. mba hasiana fiheverana ny tena fanagasiana ny fampianarana sy fanabeazana ny tanora mba hitsinjovana akaiky ny tantsaha
. hatao mifanaraka amin'ny ilain'ny firenena ny drafitry ny fampianarana ambaratonga rehetra
. hampifandrirana ny Loi - Programme sy ny Plan
. hasiana fiheverana ny fanagasiana ny Direction sy ny Capital ao amin'ireo Sociétés, mba hahatsara ny toe-piainan'ny madinika izay voahosihosy ny zo maha-malagasy amin'ny Société tarihin'ny vahiny sasany
. harahana maso akaiky aru hasiana fanamboarana ny éventail de solde satria be loatra ny elenelan'ny karama sy ny SMIG izay tsy misondrotra mihintsy
. hatao mitovy ny karaman'ny olona mitovy Diplôme na vahiny izy na gasy
. ho hesorina amin'ny vahiny ny Industrie de base
. hampianarina ny tambanivohitra ny fametrahana vola any amin'ny " banque " ary ho hamoraina ho an'izy ireo ny findramana vola amin'ireo banques ireo
. hahatsiaro tena ny Malagasy fa tsy vita ny fanagasiana ny toe-karena raha tsy ao ny fanatsarana ny fitondran-tena matotra sy malagasy tanteraka (1)
. hapetraka miandalana eo am-pelatànan'ny Fanjakana ny fitaovana enti-mamokatra manomboka amin'ireo sampana amin'ny Ekonomia.

KAPITALY

Tsy lavina fa mbola mahantra ny firenentsika, ary mila ny Renivolan'ny any ivelany. Tokony ho fantatra anefa fa ny kapitaly efa vao-janahary isika dia ny " Mponina eto Madagasikara " ary indrindra ny techniciens isan-karazany izay toa tsy inoantsika ka noho izany :

. tokony hasiana fanolokoloana an'izy ireo amin'ny toe-tsaina tena sosialista ara-tsaina, ara-panabeazana, ara-pahamarinana

. tokony hasiana hasiny ny fifaneken'ny Mpiasa sy ny Mpa Mpampiasa. Setrin'izany -

. havaozina ny codes de travail izay diso antitra loatra
. ho gasiana ny lalàna sy ny didy mba ahazoan'ny valala tsy mandady harona an'ireo codes ireo

(1) ka tokony ho saziana amin'ny lalàna henjana izay mamporisika sy mitarika ny tanora hanao " troupe de choque" amin'ny fifidianana.



.../...

. tokony homena ny Malagasy ny toerana sahaza azy.

Ny Renivola tadiavin-tsika koa dia :

. tokony ho tadiavina eto an-toerana

- amin'ny fampihenana ny karaman'ny olom-boafidy (Présidents - Parlemantaires isan-karazany)
- amin'ny fanamboarana ny hetra izay be loatra ho an'ny madinika ary tsy ampy ho an'ny"manana"
- amin'ny famindrana ny tombon-tsoan'ny CNaPS, na Compagnies ao amin'ny Capital d'Etat
- amin'ny famerana ny ampahan'ny Capital vahiny
- amin'ny famerana ny taona ijanonan'ny vahiny eto Madagasikara
- amin'ny fanamboarana ny impôts sur le revenu, na taxes isan-karazany

. Tokony hamoraina ny findramana vola ao amin'ny BNM

. tokony na havaozina tanteraka mihitsy ny " Accords de Coopération " izay hita sy tsapa fa vato misakana ny fivoaran'ny toe-karentsika.

. tokony ho raisin'ny Fanjakana ny Société de Battelage na E.E.M. na Société mety mampidi-bola sy ahazoan'ny Tantsaha tombotsoa, na ny eo ampelatànan'ny vahiny ka tena ilain'ny Fanjakana dia tokony tsy hisalasalana ny fandraisana azy (izay mbola tsy manao (ohatra : Bemolangy)

Mba hisian'ny Kapitaly malagasy

Ho tohin'izany fikarohana Capital Malagasy dia :

. tokony ho feran'ny Fanjakana ny fotoana ivoahan'ny capitaux malagasy any ivelany mba ahazoana mampiasa azy eto antoerana

. tokony hampitoviana ny karaman'ireo Techniciens mba tsy handositra ny olo-mangan-tsika

. tokony handray anjara amin'ny fitantanana ny Entreprise na Société ny Mpiasa (Comité d'entreprise)

. tokony hampianarina ny Ray sy ny Reny

. halaina avokoa ny capitaux avy any ivelany raha mety mahasoa ny firenena na avy aiza na avy aiza

. homena toerana sy tany ny tanora

. ho tohanana ny asan-tànana malagasy ary tokony hamorona coopérative

. hasiana rafitra mazava ny asa ho an'ireo mpianatra mahavita.

PREZIDA : RATSIMIAHY Eugène
Prezida lefitra : RAKOTOMALALA Olivier
Mpampaka-teny : RAKOTOMALALA Parson
Mpivory tonga : RAZAFINTSALAMA A.





Prezida : RAKOTOMALALA Manan'Ignace
Prezida lefitra : RANDRIAMANJAKA
Rapporteur : MICHEL sy RAVELONANOSY
Mpivory : 56
Nandray fitenenana :

Maraina : 14
Hariva : 24

---

Nizotra tamim-pilaminana sy firahalahiana ary fifankatiavana ny fivoriana. Ka ireto manaraka ireto ny ventin-kevitra notsoahina tamin'ny fanadihadiana nataon'ny mpivory.

A.- Momba ny fanontaniana voalohany

Neken'ny rehetra ny ilàna ny fanagasiana ny toekarena sy ny hisian'ny drafitra hentitra hanatanterahana izany.

a) Fanagasiana

1.- toe-tsaina sy toe-panahy tena malagasy, fitaizana ny toe-tsain'ny tanora, fanivanana ny fialam-boly
- ray aman-dreny modely

2.- Fampianarana : io no fototra
- Programa, "pédagogie", hanomanana mpampianatra sahy mandray andraikitra
- Fanaovana ny fampianarana amin'ny teny malagasy

3.- Varotra ivelany sy ny harena an-kibon'ny tany : Raisin'ny Fanjakana manontolo.

4.- Amin'ny "Assistants techniques"
- fanagasiana ny Tompon'andraikitra amin'ny toeram-piasana
- mpiasa manana fahatsiarovantena sy mahay
- teknisianina mahay mifandray amin'ny vahoaka.

5.- Fifandrahana amin'ny Firenen-kafa tsy hisy fonofono sy fepetra mamatopatotra ny Firenena.
- Fanafahana ny fifandraisana amin'i Afrika-Atsimo.

b.- Momba ny Drafitra

1.- Drafitra hentitra ateraky ny fifanakalozan-kevitry ny vahoaka sy ny Mpitondra mandalo amin'ny ambaratongam-pahefana rehetra.

2.- Drafitra manavaka ny asa maika ka izay hampitombo haingana ny faripiainan'ny Malagasy no atao mialoha.

3.- Havahana mazava tsara ny secteur d'Etat, Mixte, Privé ka ho raisin'ny Fanjakana avy hatrany ny secteurs-clé (Banky, Fitaterana, Assurances, Electricité, ets.).

B.- Fanontaniana faharoa

Mizara efatra ny hevitra :

1.- Tsy mankasitraka mihitsy ny iarahan'ny Kapitaly malagasy sy vahiny
2.- Mankasitra nefa tokony hisy fepetra mazava :
   - Kapitaly malagasy ho "majoritaire"
   - Harahi-maso ny famoahana ny Kapitaly any ivelany
   - Hampiasaina eto an-toerana ny tombom-barotra
   - Fifandanjana vidin-katsembohana kapitaly
   - Oinihina ny tombotsoa omena ny kapitaly vahiny (Régime fiscal des Sociétés, Code des Investissements)
   - Ho eto Madagasikara ny siège social-n'ireo kompany vahiny.
3.- Mankasitraka tanteraka mba hisian'ny fifaninanana
4.- Ny hevitry ny solontenan'ny USIEM (Union des Syndicats des Intérêts Economiques de Madagascar) manamarika fa mety hisy ny fitovizan'ny zava-kendrena ka tokony hisy fifampidinihana.

C.- Fanontaniana fahatelo

Ilaina ny haha-malagasy ny kapitaly :

1.- Sampana tsy misy mpisahana : raisin'ny Fanjakana
2.- Sampana efa eo ampelatanan'olona
   - raisin'ny Fanjakana avy hatrany ny secteur-clé
   - fampirisihina ny Malagasy hanana petra-bola betsaka indrindra (action majoritaire).



KOMISIONA FAHA-XIV

3850

UNIVERSITE DE MADAGASCAR Ecole Nationale Supérieure Agronomique

Président : RATSIRAHONALA Norbert
Vice-Président : RAZAFINARIVO Gabriel
Rapporteurs : Mme ANDRIAMANJATO
Mr. RANARIJAONA Rémy

Mpivory androany faha-21.04.71
ny maraina : 116
ny hariva : 97

Nandray fitenenana daholo ny solon-tenan'ny antoko, fikambanana ary fiangonana samihafa (35). Tsara ny fizotra ny fotoana.

I.- Fanagasiana ny toe-karena :

Nanome ny heviny momba ny atao hoe : Fanagasiana ny toe-karena ny mpivory :

Tao ny milaza fa ny fanagasiana ny toe-karena dia fandraisan'ny malagasy izay mahay sy mahatsapa andraikitra (individu) ny toe-karena.

Tao kosa anefa ny nanipika fa ny fanagasiana ny toe-karena dia ny fanomezana eo am-pelatànan'ny vahoaka malagasy (Etat) ny harena sy ny foto-karena eto. Ka noho izany dia ny sosialisma no fototr'izany fanagasiana ny toe-karena izany.

I.- Ilaina ve ny fanaovana drafitra mialoha ny fanagasiana ny toe-karena ? Ahoana ny fomba hanatanterahina izany ?

Ilaina ny fanaovana drafitra ny fanagasiana ny toe-karena. Misy ny mihevitra fa ny planina siantifika tokony ho tanterahina (impératif) no hatao.

Marihina tsara amin'izany planina izany ny toeram-pamokarana izay tantàn'ny fanjakana mivantana (indostria fototra-electricité-Banky, varotra ivelany, etc...) :

Section d'Etat sy ny tantànan'ny fanjakana miaraka amin'ny privés.

Section d'économies mixtes) ary tantànan'ny privé manokana, ary (Secteur privé)

Mba ho fanatanterahana izany drafitra izany, dia misy ny milaza fa ilaina ny fanohanana ny fiarovan'ny Governemanta ny Malagasy na mpanao tao-zavatra, mpivarotra na tantsaha, etc...)

   - Fanorenana banky populaire mba hialàna amin'ny fanagejan'ny banky vahiny.
   - Fanamboarana ny fomba fampisamboram-bola ao amin'ny B.N.M.
   - Fivondronan'ny malagasy amin'ny fikambanam-barotra na fanaovan-taozavatra.
   - Fampiasana ny volan'ny SNI amin'ny fanagonana indostria fototra ho an'ny vahoaka ka tsy hanaparitaka azy amin'ny indostria maro samihafa.

- ny fanorenana Komisiona manara-maso ny fanatanterahana ny fomba fanagasiana ny asa.
- ny fahatsiarovan-tenan'ny malagasy.
- ny fahavonanany.

**Fampianarana**

- Ny teny malagasy no ho teny fampianarana ka ny teny Frantsay sy ny teny anglisy dia hitovy lenta.
- Havaozina na foanana ny fifanekena amin'ny Frantsa mikasika ny fampianarana (accord de coopération).
- Atao ny fifandraisana amin'ny tany sosialista indrindra ny firaisana Sovietika eo amin'ny lafin'ny fampianarana.
- Hamaroana ny sekoly fampianarana asa (teknika) nefa koa hatsangana ny toeram-pamokarana an'ny fanjakana avy amin' izy ireny miasa, satria ny privé dia tsy mandray azy noho ny karama omena azy ireny.
- ny apprentissage dia tokony ho fehezin'ny lalàn'ny fampianarana.
- zava-dehibe ny fitaizana ny tanora (cinema, radio)
- Tokony hisy cours de perfectionnement et de recyclage
- ary haverina ny formation pré-militaire.

**II.- Azo ampiarahana ny Kapitaly malagasy sy ny Kapitaly vahiny nefa irina ho ny Kapitaly malagasy (an'ny fanjakana na an'ny olon-tsotra) ho hanana ny 51 % na mihoatra.**

Kanefa tokony ho mailo isika amin'ny fampidirana ireny Kapitaly vahiny ireny, na izany avy amin'ny privé na izany avy amin'ny BIRD, AID, FED, USA.AID, etc...

Hevitra samihafa

Nisy nilaza fa :

- Tokony hofoanana ny didy mikasika ny habitat rural satria nitera-pahasahiranana ho an'ny tantsaha mpamokatra izany.
- Tokony ahena ny hetra alaina amin'ny mpanao taozavatra artisans-malagasy.
- Tokony havaozina na ho foanana mihitsy ny accords de cooperation.
- Tokony ampitomboana ny fahefan'ny fokonolona - nefa tao koa ny nilaza fa ireny asam-pokonolona ireny no mahatonga ny tantsaha hitsaoka aty antanandehibe.
- Avaozina ny code de travail.



## KOMISIONA faha-15

----

| | | |
|---|---|---|
| PRESIDA | : Andriamat. . isany | RAMANAKASINA Michelson |
| PRESIDA-LEFITRA | : | KOKO Jean Marie |
| MPAMPAKA-TENY I | : | RAKOTOARIVONY Alphonse |
| MPAMPAKA-TENY II | : | RALITERA Etienne |

Olona nanatrika : 132

----

- Fanamorana ny fifandraisan'ny olona amin' ireo mpiasa tompon'andraikitra (Services des Ministères et des Préfectures, etc...) mba tsy hisian'ny fanararaotam-pahefana.
- Fanamaivanana ny lalàna sy ny fepetra rehetra mikasika ny toekarena.
- Neken'ny mpivory ny fanaovana planina kanefa mialoha izany dia aoka ho vahana ireo fatotra maro mitàna ny firenena toy ny Accord de Coopération, etc...
- Tokony ho anjaran'ny Fanjakana ny fanatanterahana ny Plan.
- Aoka ho planina manondrotra ny fari-piainan'ny Tambanivohitra no hatao.
- Aoka aloha ho eo am-pelatanan'ny Fanjakana daholo ny famokarana : ohatra : Andriamena-Manatenina, etc. vao manomboka manao ny planina.
- Fanomanana olona hanana fahalalana ampy sy toe-tsaina afaka hiaraka amin'ny vahoaka.
- Ilaina ny fanamaritana mazava mifanaraka amin'ny toetr'andro izany heverina ho ao amin'ny Plan ary aoka hitohy ny dinika fanomanana ny Planina ho avy rehetra.
- Tsy izay monina eto Madagascar dia Malagasy, fa izay teratany ihany.
- Aoka ho gasiana ny fianarana "Histoire, Géggraphie, etc.) mba hananan'ny ankizy toe-tsaina mifanaraka amin'ny maha-malagasy fa tsy haka-tahaka ny hafa fotsiny.

Ary izany dia hatomboka hatrany amin'ny fototra = fianakaviana, sekoly ambaratonga isan-karazany, fokonolona, Ho fantarina mialoha ny talentan'ny zaza ary ho beazina araka izany izy, ka hapetraka amin'ny toerana sahaza azy rehefa lehibe.

- Ny fanagasiana dia tsy fanoloana olona fotsiny, satria hanjary capitalisme malagasy indray, izay hifanohitra amin'ny tarigetra Socialiste, fa fanovana mihitsy ny fomba fitondrana ny raharaha.
- Ilaina ny fandraisan'ny Fanjakana ny Import-Export mba hahamora ny fiaraha-miaza eo amin'ny samy malagasy dia ilaina ny hanafainganana ireo fikarohana atao hananana fiteny malagasy ampy sy iraisana.
- Nationalisation : Tsy halatra akory ny nationalisation fa famindrana ho eo am-pelatanan'ny Fanjakana ny tombom-barotra, ary hisy indemnisation na fanomezana onitra amin'izany - Hatao miandalana anefa ka hatomboka amin'ny Secteur-clé. Aoka hisy projet de loi hatolotra ny Parlement.

- Tokony hatao amin'ny teny malagasy daholo ny Lalàna.
- Ho fisorohana ny fahasahiranana hita eo amin'ny fisamboram-bola dia tokony hisy Banque Malagasy hatsangana ; ary koa hisy monnaie intérieure miavaka amin'ny monnaie extérieure izay ifandraisana amin'ny any ivelany.
- Aoka ho hajaina ny zon'ny Syndicat sy ny hevitry ny madinika.
- Tsy fanovana ny Capital vahiny ho Capital malagasy izay hiteraka Capitalisme malagasy no hatao fa ny fandraisan'ny Fanjakana ny Capital.
- Mba hisakanana ny fivoahan'ny vola any ivelany dia aoka hisy fanaraha-maso akaiky hataon'ny Fanjakana.
- Tokony ho ampiasaina eto avokoa ny tombom-barotra rehetra ateraky ny Capital vahiny.
- Aoka ny varotra any ivelany ho loharano hahazoam-bola hanaovana asa malagasy.
- Aoka ny Fanjakana hanampy ny madinika amin'ny fandraisana anjara eo amin'ny Industrie.
- Tokony hiray hina ny Malagasy hanao entreprise mba tsy hiverina any an-dafy ny Capital na famampiana voaray.

Moa ve ny ambim-bava tamin'ny Politique d'austérité sy ny tombom-barotra avy amin'ireo Sociétés d'Etat raha misy tsy hahazoana manorina aza na Inustrie vaovao ?

- Aoka ho dinihina ny Code des Investissements sy ny fiasan'ny Institut d'Emission eo amin'ny fitantanana ny vola ho enti-miasa mba hahazoan'ny Malagasy tombom-tsoa.
- Aoka ny zavatra madinika mety ho vitan'ny Malagasy eny ambanivohitra toy ny varotra enta-madinika, etc. tsy avela hataon'ny vahiny.
- Izay asa famokarana na varotra ataon'ny Fanjakana (Syndicat des Communes na Coopérative) dia aoka tsy hanomezana alalana ny Privé instony.
- Ankoatry ny làlam-pirenena dia aoka hisy fikarakarana hataon'ny Syndicat des Communes momba ny làlana hafa hahazoana mamoaka ny vokatra.
- Mba hahatomombana/tsara ny organismes socialisants rehetra dia ilaina ny fandaminana sy fanaraha-maso akaiky ataon'ny Fanjakana.

<u>Fiompiana omby</u> : Ekena fa manana omby betsaka kokoa i Madagascar fa mihoatra ny isan'ny mponina ny isan'ny omby. Mampalahelo anefa fa tsy mitera-bokatsoa firy na tsy misy mihitsy aza ho an'ny tompony ireny omby ireny ; ary noho izany dia tsy mitondra soa koa ho an'ny firenena.

Toa tsy dia ny soa mety ho azo avy amin'ny omby anefa, no mavesa-danja ao an-tsain'ny mpiompy, fa ny fiheveran-tena ho mpanakarena rehefa manana omby maro, ka mihevitra ireny biby ireny ho toy ny fahafinaretan' ny maso fotsiny.

Noho izany, dia iangaviana ny tompon-andraikitra amin'ny fanetsiketsehana ny Tambanivohitra mba handray ho adidy ny fampahafatarana ny Tantsaha ny soa mety ho azo avy amin'ny fiompiana omby : hena, ronono, zezika, etc...

Rehefa mazava amin'ny olona ny soa mety ho azo avy amin'ny omby, dia tsy maintsy hanao izay rehetra azony hatao izy hikarakarany ny fiompiany, mba ho salama sy ho tsara, ka amin'izany dia sady ho loharanon-karena ny omby no fahafinaretan'ny maso araka ny toe-tsainy mbola hananan'ny maro amin'ny mpiompy, indrindra fa ny any Anindrana.

Fa mitera-bokatsoa lavitra ho an'ny tompony ny omby 10 tsara karakara noho ny omby 50 avela ho velom-poana tsy misy fikarakarana.